FANOVANA MIFOTOTRA

AMIN'NY FAHAMARINANA

ANDIANY 2

NY FANJAKAN'ANDRIAMANITRA

TORO LALANA HO AN'NY MPAMPIANATRA

Truth Centered Transformation is a ministry of Reconciled World learn more at tctprogram.org

reconciledworld

Fanovana Mifototra amin'ny Fahamarinana - Andiany 2: Ny Fanjakan'Andriamanitra Copyright ©2012 Reconciled World, Phoenix, Arizona, United States of America. www.reconciledworld.org

Ity asa ity dia azo ampiasainaeo ambany fiahian'ny "The Creative Commons Attribution-ShareAlike 3.0 license."Omena alàlana sy ampaherezina ianao hampifanaraka ny asa, handika ary hizara sy hampita azy ity saingy manaraka izao fepetra manaraka izao:

Mari-pankasitrahana–Tsy maintsy maneho ny mari-pankasitrahana ny asa amin'ny fanehoana foana ny fanambarana hoe: Copyright © 2012. Published by the Reconciled World (www.reconciledworld.org) eo ambany fiahian'ny "the Creative Commons Attribution-ShareAlike 3.0 license". Raha mila fanazavana fanampiny dia tsidiho ny tranon-kala, www.creativecommons.org.

Tsy azo amidy –Tsy azonao atao entam-barotra hamidy ity asa ity.

Raha liana ny amin'ny fandikana azy ity ianao dia mifandraisa amin'ny info@tctprogram.org.

Ny teny soratra masina rehetra ampiasaina, raha tsy hoe tsy voalaza, dia nalaina tamin'ny Baiboly, "New International Version®, NIV®. Copyright ©1973, 1978, 1984, 2011 by Biblica, Inc.TM" nampiasaina nahazoana alàlana avy amin'ny" Zondervan. All rights reserved worldwide". www.zondervan.com The "NIV" sy "New International Version" dia marika voasoratra ao amin'ny" United States Patent and Trademark Office by Biblica, Inc.TM".

Fankasitrahana

Ny hevitra rehetra ato anatin'ity fanofanana ity dia tsy ahy. Araka ny mahazatra ahy dia manorina eo an-tsorok'ireo izay nandeha teo alohako aho. Noho izany ny fitaovana ampiasaina dia avy amin'ny aingam-panahin'ny "Disciple Nations Alliance (disciplenations.org)". Ny fiangonana betsaka izay efa nianatra tamin'izy ity koa dia nanampy nanitsy ny lesona tamin'ny alàlan'ny tamberina nataony. Ny fisaorako eram-po dia ho azy ireo sy ny faharetany tsy nanam-petra raha naharitra ahy tamin'ny nianarako nampita ny fahamarinana amin'ny fomba mora nampiharina izy ireo.

Ny ankamaroan'ny vontoatin'ny fiofanana dia notsoahina tamin'ny hevitry Bob Moffitt voasoratra ao amin'ny bokiny mitondra ny lohateny hoe "Raha Jesosy no ben'ny tanàna." Ny hevitra sy ny kisary ao amin'ny lesona 2, 5 ary 6 dia notsoahina mivantana tamin'ity boky ity. Lesona 3, Ny soa toavin'ny fanjakana, dia avy amin'ny aingam-panahin'ny "Toro làlana fianarana Baiboly" mitondra ny lohateny hoe "Ny Fanjakan'Andriamanitra tsy voahozongozona" (Kingdom Lifestyle Biblie Studies) nosoratan'I Darrow Miller, Bob Moffitt ary Scott Allen.

Raha avy amin'ny hafa ny aingam-panahy, dia ahy kosa izay mety ho fahadisoana. Mba ampahafantaro ahy azafady raha misy soso-kevitra ny amin'ny fomba fanatsarana ireto fitaovana ireto.

Fizahan-takelaka

Fankasitrahana **1**

Mialoha ny hanombohana **1**

Fiomanana amin'ny fampianarana ny lesona 1
Toro hevitra mahasoa hampahomby ny fanofanana 1
Ahoana no hampiasana ity toro làlana ho an'ny mpampianatra ity : 2

Lesona 1: Ny Fanjakan'Andriamanitra **3**

Inona moa ny Fanjakan'Andriamanitra ? 3
Mankato amin'ny zavatra REHETRA 4
Manorina ny Fanjakan'Andriamanitra 5

Lesona 2: Fanjakan'ny Fiaraha-monina **6**

Ny fanjakana eto ambony tany 6
Raha Andriamanitra no mpitondra ny fiaraha-monina 6
Raha Jesosy no Mpitarika ny fiaraha-monina 7
Miova amin'ny lafim-piainana efatra ny fiaraha-monina 8

Lesona 3: Ny soa toavin'ny Fanjakan'Andriamanitra **10**

Fitsipika Fanorenana 10
Mampihatra ny Baiboly amin'ny sehatra rehetra amin'ny fiainantsika 12
Mitady sy mamantatra ireo fitsipik'Andriamanitra 13

Lesona 4: Ny Soa toavin'ny Fanjakan'Andriamanitra sy ny Asa **15**

Fampidirana 15
Fomba fijery ara-Baiboly mikasika ny Asa 16
Karazana asa 16
Miahy ny amin'ny fomba anaovantsika ny asantsika Andriamanitra 18

Lesona 5: Manorina ny Fanjakan'Andriamanitra **20**

Manomboka amintsika izany 20
Fiaraha-monina Voaova 20
Ahoana no hanovantsika ny fiaraha-monina misy antsika ? 21
Rahalahy Lawrence 23
Avy amin'ny isam-batan'olona mankao amin'ny fianakaviana vao eo amin'ny fiaraha-monina 23
Fianakaviana 24
Fiaraha-monina 24
Ohatra hafa mikasika olona izay nanangana ny Fanjakan'Andriamanitra 27
Ahoana no hahatonga anao ho mpanangana ny Fanjakan'Andriamanitra. 29

Leson 6: Ny anjara andraikitry ny fiangonana amin'ny fananganana ny Fanjakan'Andriamanitra **31**

Fampidirana 31
Mampitao ny isam-batan'olona 32
Nahoana no mila manampy ny isam-batan'olona? 33
Manova fianakaviana 34
Manova fiaraha-monina 34
Ny sekolin'ny fiaraha-monina 36

Leson 7: Ny Fandaharana mikasika ny Fanovana Mifototra amin'ny Fahamarinana **38**

Fampidirana 38

Vina sy Tetik'asa 38
Mampitao ny fiangonana 38
Manova fiaraha-monina 40
Ireo sehatra itondrana fanovana 41
FOMBA FIASA 42
Lohateny amin'ny fiofanana manaraka 42
Lesona 8: Ireo Dingana manaraka 43
Nahoana no zava-dehibe ny fanaovana drafitra 43
Fivoriana 44
Hetsi-pitiavana 44
Dingana fanaovana drafitry ny hetsi-pitiavana 45

Mialoha ny hanombohana

Fiomanana amin'ny fampianarana ny lesona

1. Vakio tsara hatramin'ny farany ny toro làlana ho an'ny mpampianatra. Averimbereno raha azo atao. Mariho ireo hevi-dehibe ao na asio fanamarihana amin'ny sisiny mba hahatsiarovanao azy.
2. Jereo tsara ny tanjon'ny lesona tsirairay hahafahanao mahalala izay tokony hianaran'ny mpiofana.
3. Vakio tsara mialoha daholo ireo andalan-tsoratra masina tokony hovakina mandritra ny lesona.
4. Fantaro mialoha raha misy fitaovana ilaina isaky ny lesona hatao ary ataovy azo antoka fa vita dika ireo fitaovana ilain'ny mpiofana. Amboary ny karatra fanampiana maso ilaina amin'ny lesona.
5. Ataovy azo antoka fa voafehinao sy efa mahazatra anao ireo hetsika tokony atao rehetra ao anaty lesona (anjara lalaovina, lalao, karatra fanampiana maso) Azonao atao ny mizatra mampihatra izany miaraka amin'ny fianakaviana na ny namana.
6. Makà fotoana mivavaka mangataka an'Andriamanitra hanomana ny mpiofana, hahatonga azy ireo handre izay tian'Andriamanitra ho azony ary mba hanampian'Andriamanitra anao amin'ny fampiasana ireo fitaovana. Tadidio foana fa amin'ny alàlan'ny herin'Andriamanitra ihany no hahafahantsika mahita fiovana eo amin'ny olona.

Toro hevitra mahasoa hampahomby ny fanofanana

1. Tongava mialoha ary omany daholo ireo fitaovana hampiasainao ary ny toerana hiasanao
2. Aza maika hampiasa ireo fitaovana fa manomana fotoana ampy hifanakalozan-kevitra, hanaovana hetsika ary hiatoana. Ny tanjona dia ny hananan'ny olona fotoana handraisana tsara izay ianaranyary hahafahany mandray anjara amin'ireo dingana fampitàna izany. Ataovy am-pilaminana ny fiovana manamin'ny loha-hevitra manaraka ary ataovy azo antoka fa azon'ny rehetra ny lesona vita. Misy dingana mety mandany fotoana mihoatra ny dingana sasany ary mety handritra ny tontolo andro mihitsy.
3. Ataovy matetika ny famerenana. Amin'ny fanombohan'ny dingana manaraka dia asio famerenana izay lesona nianarana. Ny famerimberenana dia manampy ny olona hahatadidy ny lesona nianarany.
4. Araho ny toro làlana ho an'ny mpampianatra ary ireo fanamarihana nataonao an-tsisiny.
5. Ataovy azo antoka fa tafiditra tsara ireo andiany 4 amin'ny fampianarana
    a. Ataovy ny fampidirana ny lohahevitra – ny atrik'asa atao no hampitohy ny lohahevitra amin'ny traik'efa ananany teo aloha
    b. Manomeza hevi-baovao – Misy fomba maro entina mampita hevi-baovao.
    c. Manomeza hevitra mifanaraka amin'ny zavatra nianaran'ny mpiofana. Ny hetsika atao dia manampy azy ireo hahatakatra bebe kokoa ny hevi-baovao amin'ny alàlan'ny fiarahana miasa amin'ny hafa, famoronana zavatra na mampiasa ny hevi-baovao amin'ny fomba hafa.
    d. Ampifandraiso amin'ny fiainany ny hevi-baovao nomena. – Io no dingana fampiharana manampy ny mpiofana hanapa-kevitra izay fomba mazava entiny mampihatra amin'ny fiainany ny hevi-baovao izay nianarany. Raha tsy misy

fampiharana dia tsy misy fiovana azo antenaina ary tsy dia ilaina koa noho izany ny fanofanana.

6. Ivereno jerena ireo fitsipika fampianarana olon-dehibe sy ireo fahaiza-manao hafa nampianarina tamin'ny "fanofanana fampivoarana ireo mpampiofana".
    a. Manomeza toro lalana mazava
    b. Mametraha fanontaniana misokatra
    c. Isaory ny olona noho ny fandraisany anjara
    d. Aza lazaina mialoha izay tokony ianarany samirery sy tokony fantariny manokana.
    e. Manorena eo ambonin'izay efa hain'ny olona ary ekeo ny traik'efa ananany.
    f. Mahareta ary andraso ny valin-tenin'ny olona.
7. Amporisiho ny tsirairay handray anjara, hizara ary naholo-kevitra amin'ny fifanakalozana atao. Mitadiava hevitra hampaherezana ireo saro-kenatra handray anjara nefa tsy manafin-tohina azy.
8. Pray throughout the day for God to reveal new things to you and the students. Mivavaha mandritra ny tontolo andro mangataka amin'Andriamanitra hampahitany zava-baovao anao sy ny mpiofana.

Ahoana no hampiasana ity toro làlana ho an'ny mpampianatra ity :

1. **Tanjona hotratrarina sy fitaovana**: Ny lesona tsirairay dia miantomboka amin'ity ampahany ity :
    a. **Tanjona** - Ny mpiofana tsirairay dia tokony hahavita ity ampahany ity mandra-pahavitan'ny lesona tsirairay. Tsara raha manontany tena ianao raha tratra ity tanjona ity alohan'ny anombohanao ny lesona. Makà fotoana hamerenana ireo hevitra fototra hanampiana azy ireo hahatsiaro.
    b. **Fitaovana** - Ny fitaovana manokana ilaina dia voatanisa isaky ny lesona ary ao anatin'izany ny karatra fanampiana maso sy ny dikan-desona natao ho an'ny mpiofana. Afaka misafidy ny hanome ny dikan-desona rehetra ho an'ny mpianatra rehetra momba ny toro lalana ho an'ny mpianatra ianao na manaova dika vitsy indrindra araka ny soso-kevitra ao amin'ny lesona. Mamporisika koa izahay ny hampiasana peta-drindrina na solaitra fotsy na solaitra mampiasa tsaoka raha betsaka ny mpiofana.
2. **Toro hevitra ho an'ny mpampianatra**: Misy toro hevitra manokana ao amin'ny lesona hanampiana anao hahatarika tsara ny lesona. Tsy tokony ampahafantarina ny mpianatra izany. Vakio mialoha izany hahafahanao miomana hitarika ny fifanakalozan-kevitra sy ny hetsika mety hatao. Ny fanontaniana sasany dia efa misy valiny natao sora-mandry hanampiana anao hamantatra izay valin-teny andrasana amin'ireo mpiofana. Tsy ireo ihany anefa no valim-panontaniana tsara sy mety fa an'isany fotsiny.
3. **Fifehezana ny fotoana sy ny firindran'ny fiofanana**: Tsy voalaza ny faharetan'ny fotoana hanaovana ny lesona tsirairay.
    a. Makà fotoana ampy tsara araka izay ilaina hanampiana ny olona hianatra ireo hevi-baovao avy amin'ny lesona. Aleo manisy lanja bebe kokoa ny amin'izay zavatra ianaran'ny olona toy izay maika hahavita ny lesona ara-potoana fotsiny.
    b. Tadidio ny manome fotoana ireo mpandrindra hanomboka amin'ny fandinihan-tena, fijoroana vavolombelona, mifanakalo hevitra ny amin'ny olana sedrainy ary hiarahany mivavaka koa.

Lesona 1: Ny Fanjakan'Andriamanitra

Ireo tanjona manan-danja

1. Mahafantatra fa ny fanjakan'Andriamanitra dia misy rehefa mankato feno ny baikony isika.
2. Mahafantatra fa ny fanjakan'Andriamanitra dia mitombo raha misy olona maromaro mankato an'Andriamanitra ary mankato azy tanteraka isika.

Fitaovana

1. Tsy misy

Inona moa ny Fanjakan'Andriamanitra ?

Raha mbola tety ambony tany Jesosy dia nizara ny drafitra nananany izy. Io drafitra io dia voalaza im-98 ao amin'ny Testamenta vaovao. Nolazain'i Jesosy fa io no antony nandefasa azy ho ety ambony tany. Naniraka ny mpianany izy hampianatra azy io. Iresaka mikasika azy io i Paoly ary isika aza dia amporisihina hivavaka ho an'io.

- Fantatrao ve izany?

MIFANAKALOZA HEVITRA ANATY VONDRONA KELY

Vakio ireto an-dalan-tsoratra masina manaraka ireto ary valio ny fanontaniana :

• Matio 10:5-8 — Nirahin'i Jesosy hampianatra mikasika inona ny mpianany?
• Lioka 4:43 — Inona no antony nanirahana an'i Jesosy
• Asa 1:3 — Inona no nampianarin'i Jesosy nandritra ny 40 andro farany nitoerany teto an-tany?
• Asa 28:30-31 — Nampianatra mikasika inona i Paoly?

Ny drafitr'Andriamanitra dia mikasika ny fananganana ny fanjakany. Araka ny hitantsika amin'ireo an-dalan-tsoratra masina ireo, dia izany no hevi-dehibe nampianarin'i Paoly sy Jesosy. Tokony hanan-danja lehibe amintsika koa izany. Na izany aza dia maro amintsika no tsy mahatakatra ny dikan'ny fehezan-teny hoe « ny Fanjakan'Andriamanitra »

• Mitodiha amin'olona anankiray ary eritrereto ny fomba hamaritanao ny hoe Fanjakan' Andriamanitra amin'ny kristiana vao nateraka indray.

Zarao amin'ny vondrona rehetra ny valin-teny.

Ny Fanjakan'Andriamanitra dia tsy sarotra hazavaina. Ny Fanjakan'Andriamanitra dia eo amin'ny sehatra rehetra ahitana fa Jesosy no Mpanjaka ary ny lalàny no arahina ao. Noho izany na aiza na aiza ahitantsika olona mandeha amin'ny fankatoavana an'Andriamanitra ary manaraka ny faniriany dia eo no hahitana ampahany amin'ny Fanjakan'Andriamanitra. Mazava ho azy fa tsy ho tonga eo amin'ny fahafenoany ny Fanjakan'Andriamanitra mandra-pihavin'ny Jesosy indray ka havaozina ny zavatra rehetra ary tsy manan-tsiny.

Ho fanampiana antsika hahatakatra izany dia ndeha hieritreritra mikasika an'ny Thailand isika. Thailand dia fanjakana iray: manana ny mpanjakany izy ka rehefa miteny ny mpanjakany dia mihaino ny vahoaka. Nilaza izy fa tia ny loko mavo ka noho izany dia manao akanjo mavo daholo ny vahoaka isaky ny alatsinainy. Milaza izy fa tia ny loko volomparasy ny vadiny ka noho izany dia manao akanjo miloko volomparasy ny ankamaroan'ny olona rehefa zoma ny andro. Satria mahate hotia sy mahate hidera izy, ny filazàny ny loko tiany fotsiny dia miantraika any amin'ny fomba fiakanjon'ny vahoaka.

Taona vitsy lasa izay no nalain'ny miaramila an-keriny ny fanjakana tao Thailand. Nisy ady teny an-dalam-be. Ny mpanohana ny governemanta niady tamin'ny mpanohana ny miaramila. Voakasika daholo ny olona rehetra ary dia niitatra be ny raharaha. Teo dia niteny ny mpanjaka. Niteny tamin'ny vahoaka izy hampitsahatra ny ady ary hiomana hiroso amin'ny fifidianana. Nitsahatra tampoka ny ady. Tsy nisy nanohitra ny mpanjaka fa nankato izay nolazainy fotsiny ny rehetra. Na dia samy mbola tezitra tany am-pony aza dia nampandeferiny izany. Satria niteny ny mpanjaka, ny fankatoavana ny mpanjaka no nataony ho zava-dehibe noho ny fihetseham-pony tany anatiny.

Isika koa manana ny Mpanjakantsika dia Jesosy. Hikatsaka izay hahafaly azy ve isika ary hanao izay andidiany antsika araka ny nataon'ny vahoakan'ny Thailand izay niezaka nampifaly ny mpanjakany. Raha tena tia ny mpanjakany ny vahoakan'ny Thailand ka ny nahafantaran'izy ireo ny loko tian'ny mpanjaka dia nisy fiantraikany tamin'ny fomba fiakanjony, tsy tokony ho nanana fiantraikany amin'ny fiainantsika koa ve ny fitiavantsika ny Mpanjakantsika dia Jesosy ?

FIFANAKALOZAN-KEVITRA ANATY VONDRONA LEHIBE

• Mikatsaka izay hampifaly ny Mpanjakantsika amin 'izay rehetra ataontsika ve isika ? Eny sa tsia ? Nahoana ?
• Sehatra inona amin'ny fiainantsika no mbola ilantsika fianarana mankato an'Andriamanitra bebe kokoa ?

Mankato amin'ny zavatra REHETRA

Tian'Andriamanitra hampifaly azy sy hanaja azy amin'ny fotoana rehetra isika. Vakio Kol 3:17 sy 1 Kor 10:31. Ireo an-dalan-tsoratra masina roa ireo dia milaza amintsika fa na inona na inona ataontsika dia tokony hataontsika hanomezana voninahitra an'Andriamanitra izany. Ny an-dalana roa dia samy mamerina ny hevitra hoe « ny zavatra rehetra ataontsika » ao amin'ny Kolosiana . « Ary **na inona na inona** ataonareo na amin'ny **teny** na amin'ny **asa** dia ataovy amin'ny anaran'ny Tompo Jesoa izany ho fisaorana an'Andriamanitra Ray amin'ny alàlany » Ao amin'ny Korintiana indray « **Na mihinana na misotro** ianareo ary **na inona ataonareo** dia ataovy ho fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra izany » Raha misy zavatra averimberina ao anaty Baiboly , dia maneho fa manan-danja lehibe ny hevitra tiana hampitaina amin'izany. Tian'i Paoly ho azontsika tsara fa amin'ny **ZAVATRA REHETRA** dia tokony hanome voninahitra an'Andriamanitra isika.

FIFANAKALOZAN-KEVITRA ANATY VONDRONA

- Inona avy ireo zavatra mety ataontsika an-davan'andro ? (Tanisao ary soraty eo amin'ny solaitra be)
- Ahoana no anomezantsika voninahitra an'Andriamanitra eo am-panaovana ireo zavatra rehetra ireo? (tetezo ny zavatra voatanisa)

Tokony ho hentitra tsara isika amin'ny fankatoavana an'i Jesosy Mpanjakantsika sy amin'ny fanaovana izay mahafa-po Azy. Nanao zavatra lehibe ho antsika Andriamanitra nandefa ny zanany ho faty ho antsika. Raha omentsika lanja ny fanomezana nataony ho antsika dia hanana faniriana hankato ny didiny isika.

Manorina ny Fanjakan'Andriamanitra

Vakio Mat 6:9-10

- Inona no asain'i Jesosy angatahintsika ?
- Ahoana no fahitantsika ny fihavian'ny Fanjakany ?

Andriamanitra dia te hanorina ny fanjakany eto an-tany. (Ho tonga anie ny fanjakanao) Ny fanjakany dia miorina eto ambony tany amin'ny alàlan'ireo olona manao ny sitra-pony. (Hatao anie ny sitra-ponao).

Misy fomba roa lehibe azontsika ampiasaina hanorenantsika ny fanjakan'Andriamanitra. Voalohany dia ny fampitomboana ny isan'ny olona ao anaty fanjakan'Andriamanitra amin'ny fahitana azy ireo voavonjy. Ny faharoa dia ny fahitana ny sitrapon'Andriamanitra ankatoavin'olona maro. Araka ny nianarantsika, dia tonga hampihavana ny zavatra rehetra Andriamanitra. (Kol 1:18-20).

Raha te hahita ny sitrapon'Andriamanitra ankatoavina bebe kokoa isika dia mila mahita olona maro voavonjy aloha ary mankato an'Andriamanitra ary mila mahita olona maro miaina araka ny fomban'Andriamanitra amin'ny sehatra rehetra amin'ny fiainany.

Lesona 2: Fanjakan'ny Fiaraha-monina

Tanjona manan-danja

1. Raha tiantsika ho fantatra fa miaina marina amin'ny fankatoavana isika, dia tokony ho hitantsika amin'ny fiainan'ny fiaraha-monina misy antsika fa miha manahaka ny fomban'ny fanjakan'Andriamanitra izy.

Fitaovana

1. Dika laharana faha 2 .1 Tantaram-piaraha-monina
2. Horonan-taratasy lehibe
3. Pensily hazo na penina hafa

Ny fanjakana eto ambony tany

Azonao alaina sary an-tsaina ve manahoana izany hoe manana ny Fanjakan'Andriamanitra eto ambony tany ? Ao amin'ny Testamenta vaovao dia mahita ohatra maro isika ny amin'ny fiarahan'ireo kristiana tany aloha manorina ny fanjakan'Andriamanitra.

Vakio Asa 2:42-47

- Inona no nataon'ireo mpino vaovao?
- Ara-panahy sa azo tsapain-tanana?(miaraka)
- Inona no vokatr'izany?
    - *Tsy nisy tsy nanana, nahafinaritra ny hafa ny nahita izany, noho izany dia maro ireo olona lasa mpino.*
- Inona no vokatra mety ho hita eo amin'ny fiaraha-monina raha miaina sahala amin'ireo mpino teo aloha isika ?

Raha Andriamanitra no mpitondra ny fiaraha-monina

Andriamanitra dia te hahita ny fiaraha-monina mitombo amin'ny fiainana araka ny itiavany azy. Tsy ny sitra-pony fotsiny no tiany ho tanteraka amin'ny fiainantsika isam-batan'olona an-davan'andro fa amin'ny fiain'ny fiaraha-monina koa.

ANATY VONDRONA KELY
Toro hevitra: Vakio ny tantara manaraka ary valio ny fanontaniana. (Dika 2.1)

Nisy lehilahy iray tany India namangy ny tanàna kely iray izay niasany. Nanontany ny vehivavy tao amin'io tanana io izy hoe « Ahoana no mety hitranga raha Jesosy ny mpitarika ny tanàna? » Dia namaly Umrai, iray amin'ireo vehivavy sahy miteny, ka namariparitra fa hisy fiombonana sy firaisana eo an-tanàna. Fantany tsara fa tsy mahazo haja Jesosy amin'ny fisaratsarahana misy eo an-tanàna. Samy maka ho azy ny fianakaviana. Noho izay valin-teniny izay dia nanangana vondrom-pitantanana fahasalamana ireo vehivavy ireo ary vondrona hifanampiana koa.

Nanomboka nivory tsy tapaka ireo vehivavy 14 tao anaty vondrona mifanampy ary tena nientanentana tokoa. Nisy amin'izy ireo no nanangona ny tahiriny ka nitondra izany tamin'ny kaonty iraisana ary nanomboka namaha ny olana nisy teo amin'ny fiaraha-monina izy ireo. Lasa mpitarika ny vondrona i Umrai ary nampiasainy ny fahaiza-mitarika nananany handrindra sy hanentana ny vahoaka hanao ireo zavatra heveriny ho mety nataon'i Jesosy raha izy no mpitarika ny tanàna.

Tany Uganda, ireo vehivavy tao anaty vondrona mpandinika Baiboly dia nanapa-kevitra ny hanampy ny olona teo an-tanàna araka izay noheveriny ho mety nataon'i Jesosy teo. Nataon'izy ireo am-pahamalinana tsara ny drafitr'asa voalohany tiany hatao: Manala ireo fako manodidina ny toerana fimamoana teo an-tanàna. Roa amin'ireo vehivavy no nanana fahasahiana niditra tao amin'ilay trano fisotroana. (Matetika manko dia mpivaro-tena ihany no hita miditra amin'ny toerana toy ireny.) Nangataka alàlana izy ireo hanala ny fako rehetra. Gaga ilay tompon-trano no sady nihomehy raha nandre ny fangatahany nefa dia nanaiky ihany. Nanentana ny fiaraha-monina ireo vehivavy ary nahataona olona maro hanao asa an-tsitra-po. Afaka nangady lavkaa roa ireo vondron'olona ireo. Ny iray ho an'ny zavatra mety lo ary ny iray ho an'ny fako hafa. Rehefa hitan'ilay tompon- trano fisotroana nanadio ny fakony ireo olona hafa dia lasa nirotsaka nanampy koa izy ireo. Lasa faly ny fiaraha-monina nahita ity toerana ity notahirizin'ny tompony hadio foana.

Noho ny fampaherezana azony dia nanapa-kevitra ireo vehivavy ny hanangana lafaoro mandeha solika miisa sivy ho an'ny fianakaviana vitsivitsy eo an-toerana ary koa nanangana toerana fitehirizan-drano ho an'ireo sahirana. Ireo mpikambana ao amin'ny vondrona mpandinika Baiboly dia nanao drafitr'asa lehibebe kokoa: Hanangana tsena iombonana. Ireo vehivavy eo an-toerana dia mandeha ora maro vao mahita tsena ary milanja ny entana hamidiny mandritra ny kilometatra maro vao afaka mivarotra. Raha misy tsena eo akaiky dia tena hanampy azy ireo hampidi-bola mora kokoa izany no sady mitoetra akaikin'ny fianakaviany sy ny saha iasany ihany izy. Nisy ihany nanome tany fa misolampy loatra izany raha hananganana tsena. Ireo vehivavy tao amin'ny vondrona mpandinika Baiboly dia nivavaka ho an'io toe-javatra io ka vokatr'izany, ireo mpiasa mpanamboatra ny lalam-be teo akaiky dia nanaiky hanarina ny tany misolampy hahafahana manangana ny tsena. Tsy nitaky sarany ho an'izany izy ireo. Noho ny fanampian'Andriamanitra dia nitady sy nanangona fitaovana ireo vondrona kristiana kely teo amin'io toerana io, nanangom-bola, namaha olana ary nanangana ilay tsena iraisana. Nitombo ny fiainan'izy ireo ara-panahy teo am-panampiana ny hafa; misolo tena an'i Jesosy.

Fifanakalozan-kevitra:

- Inona no mitranga amin'ireo tantara ireo?
- Noho ny amin'ny olona amin'io tantara io, niha nanakaiky ny fomba fiainana araka ny ilain'i Jesosy ve io fiaraha-monina io ? Nahoana?
- Inona avy ny karazana hetsika nataon'ireo vondron'olona ao amin'io tantara io ?
- Ahoana ny fomba hahafahanao manao izany eo amin'ny fiaraha-monina misy anao?

Raha Jesosy no Mpitarika ny fiaraha-monina

VONDRONA LEHIBE

Alaivo sary an-tsaina raha Jesosy no mpitarika ny fiaraha-monina misy anao, Inona avy ireo zavatra heverinao hovainy voalohany indrindra?

Toro-hevitra: Raha mifantoka amin'ny tokony hanovana ny mpanao politika ihany ny vondrona sasany dia tsiahivo azy fa tsy nanova ireo mpitarika politika tamin'ny androny Jesosy. Nanantena azy handrodana ireo rafitra politika tamin'izany ny mpianatra nefa tsy nanao izany izy. Niara-niasa amin'ny olona tsirairay izy hitondrana fanovana isam-batan'olona. Amin'ity fandaharana ity, ny zavatra ifantohantsika dia ny hahatonga ny olona hiaina araka ny sitrapon'Andriamanitra ary hanampy ny hafa hanao toy izany koa.

Raha sahirana vao mahita hevitra ireo olona ao anaty vondrona dia azonao ampiasaina ireto fanontaniana ireto hanombohany ny fifanakalozan-kevitra :

- Inona no mety ho nataon'i Jesosy amin'ireo maty vady sy ireo kamboty?
- Ahoana no hampaherezany ny fianakaviana?
- Ahoana no mety ho nataony hahazoana rano fisotro madio, trano azo ipetrahana manara-penitra ary sakafo sy fitsaboana, toerana fanariam-pako, toerana fanjairana ary làlana vita tsara?
- Inona no mety ho nataony mikasika ny fanabeazana ny ankizy sy ny olon-dehibe?
- Inona no mety ho nataony manoloana ny fisotroan-toaka, fidorohana zava-mahadomelina, filokana sy ireo fiankinan-doha maro samihafa?
- Inona no mety ho nataony mikasika ny herisetra atao amin'ny vady sy ny zanaka?
- Ahoana no mety ho nataony hanatsarana ny fifandraisan'ny olona?

Miova amin'ny lafim-piainana efatra ny fiaraha-monina

• Tadidinareo ve ireo sehatra efatra tokony hitomboantsika sahala amin'i Jesosy? (Lio 2:52)

o Ara-pahendrena, ara-batana, ara-pifandraisana ary ara-panahy.

Ny fanjakan'Andriamanitra dia mitondra fiovana amin'ireo sehatra efatra ireo. Raha te hahita ny fiaraha-monina misy antsika manahaka ny fanjakan'Andriamanitra isika dia tokony alaintsika sary an-tsaina ny fiovan'ireo sehatra efatra ireo amin'ny fiainan'ny olona ao amin'ny fiaraha-monina.

VONDRONA KELY

Toro hevitra: Zarao ho vondrona maromaro ny mpiofana ary asaivo maka fotoana izy ireo ifanakalozana hevitra ny amin'izay mety ho endriky ny fiaraha-monina idealy. Asaivo mieritreritra manokana mikasika ny ara-panahy, ara-batana, ara-pifandraisana ary ara-tsaina koa. Asaivo ataony kisary ny hevitra tonga ao an-tsainy mikasika izay fanirian'Andriamanitra ho fiovan'ny fiaraha-monina misy azy.

Hazavao: Andriamanitra koa dia maniry ny hahita ny fiaraha-monina misy antsika hiova hanahaka ny fanjakany. Mamporisika antsika hivavaka izy mba hahatongavan'ny fanjakany eto ambonin'ny tany tahaka ny any an-danitra ary nilaza amintsika koa ny hikatsahantsika ny fanjakany aloha.

Azonao alaina sary an-tsaina ve hoe ahoana izany miaina ao anaty fiaraha-monina iray ka ny olona rehetra ao dia miaina ao anatin'ny fankatoavana an'Andrimanitra tanteraka? Ho sambatra ny fianakaviana ao, ho tsara ny fifandraisan'ny mpiara-monina, mifanampy ary mirindra ny fiainana.

Mety tsy hisy ady lahy sy fifamonoana na fifamitahana. Te hiaina ao anaty fiaraha-monina sahala amin'izany ve ianao ?

Ny fomban'Andriamanitra entiny mitondra ny fanjakany dia amin'ny alàlantsika. Hianatra bebe kokoa mikasika izany isika ao amin'ny lesona faha 4, fa ankehitriny aloha dia ndeha hisaina mikasika ny : (Jereo tsirairay ireto ary omeo fotoana ny olona hieritreritra ny valiny)

- Inona no mety hitranga raha rahampitso manomboka amin'ny 6 ora maraina no manapa-kevitra hanomboka hiaina araka ny sitrapon'Andriamanitra ny olona tsirairay ao am-piangonana?
- Inona no mety hitranga amintsika tsirairay avy raha mankato an'Andriamanitra feno isika amin'ny fifandraisantsika amin'ny hafa, amin'ny fikarakarana ny vatantsika ary amin'ny fiainantsika miaraka amin'Andriamanitra ?
- Inona no mety hitranga amin'ny fianakaviantsika raha samy mankato an'Andriamanitra amin'ny fifandraisany amin'ny hahafa avy ny tsirairay ao ?
- Inona no mety hitranga amin'ny fiangonantsika sy ny fiaraha-monina misy antsika raha mifankatia tokoa ny mpitarika sy ny olona rehetra ao, mifanampy ary mikarakara ny reraka sy mahantra ary miaina ao anaty firaisam-po tanteraka ?

Nanome antsika vina mampientanentana Andriamanitra : Ny fahitana ny fanjakany tonga eto an-tany.Tiany ho isan'ny mpanangana izany fanjakany izany eto ambony tany isika. Alaivo saryan-tsaina izay mety ho endrik'izao tontolo izao raha mankato an'andriamanitra ny olona tsirairay. Angamba ho sahala amin'ny any an-danitra ! Na dia fantatsika fa tsy ho tonga amin'ny fahatanterahana izany raha tsy tafaverina Jesosy, dia azontsika atao ny manomboka misantatra izany vina avy amin'Andriamanitra izany.

Isan'andro raha mifoha maraina isika dia tokony hisaina foana ny amin'ny fomba hahafahantsika manorina ny fanjakan'Andriamanitra mandritra ny tontolo andro?Inona no azoko atao hampitomboana ny fanjakan'Andriamanitra? Ahoana no fomba hiainako mifanaraka amin'ny didin'Andriamanitra? Ahoana no hahafahako manampy ny ankohonako hanao toy izany koa?

Lesona 3: Ny soa toavin'ny Fanjakan'Andriamanitra

Tanjona fototra

1. Mahalala fa ny olana rehetra eo amin'ny fiaraha-monina misy antsika dia hivaha amin'ny alàlan'ny fankatoavana feno an'Andriamanitra ihany.
2. Jereo fa tonga ny fanjakan'Andriamanitra raha ampiharintsika amin'ny sehatra rehetra amin'ny fiainantsika ny tenin'Andriamanitra.
3. Jereo tsara fa ny fitsipi-piainana ao amin'ny Baiboly dia samihafa amin'ireo soa toavina amin'ny fiaraha-monina iainantsika.
4. Mahalala fa amin'ny famakiantsika ny Baiboly ihany no hahafahantsika mahita ireo fitsipika tokony harahina ao anatiny.

Fitaovana

1. Dika 3.1 Taratasy iasana mikasika ny Soa toavin'ny Fanjakan'Andriamanitra
2. Takelaka misy ireo fitsipika fanorenana

Fitsipika Fanorenana

Ndao hatomboka amin'ny fijerena ireo fitsipika telo fototra

Tena potika ny tontolo. Ny fahendren'nyolona sy ny loharanon-karena ananany dia tsy mahasitrana izany.

- Inona avy ireo endrika isehoan'ny vokatry ny fahotana eo amin'ny tontolo?

Mety ho valin-teny :

- Fisotroan-toaka, Fanaovana an-tery, filokana
- Fianakaviana tafasaraka,
- ady eo amin'ny samy olona

Vakio ity tantara manaraka ity :

Ny firenena Haitiana dia ohatra mazava tsara ny amin'ny fahapotehana izay tsy hain'ny fahendren'ny olona sy loharanon-karena sitranina. Haiti no firenena mahantra indrindra amin'ny faritra afovoany sy tapany atsimon'ny Amerika. 8 tapitrisa no isan'ny mponina ao. Hatramin'ny taona 1980, dia an'arivony ireo fikambanana ara-panjakana na iraisam-pirenena nanatanteraka fandaharan'asa tao. An-davitrisany maro ireo vola amerikana nampiasaina tao hanatsarana ny toe-karena sy ny olana ara-tsosialy ary ara-panahin'ny Haiti. Na teo aza izany dia tsy nisy zavatra niova. Tamin'ny 2004 dia mbola nanome vola amerikana an-davitrisany ny fikambanana iraisam-pirenena sy ny avy eo an-toerana hamahana ny olana. Na dia teo aza izany vola be izany dia tsy niova mihitsy Haiti. Mbola ory ny olona ary tsy manana fanantenana. 80% n'ny olona no miaina ao anaty fahantrana tanteraka. Tsy misy orin'asa na varotra mihodina eo amin'ny firenena. Nihidy avokoa izany. 70% ny olona tokony hiasa no tsy an'asa. 10%n'ny ankizy madinika latsaky ny 4 taona no maty. Mihabetsaka ny olona miaina ao anaty tsy fahatomombanana, tsy manana trano ara-dalàna azo ipetrahana izy ireo. Feno fako sy maloto ny làlana. Tsy voafehy ny fandriam-pahalemana. Ratsy dia ratsy ny làlana ary tsy

ampy ny rano hosotroina.Tsy maha te honina ny eny ambanivohitra. Rehefa nandripaka ala sy tratry ny fihotsahan'ny nofon-tany nandritra ny taona maro dia tsy manana na inona na inona hiaro azy amin'ny rivo-doza intsony ny vahoaka ary lasa tsy mahavokatra hambolena intsony ny tany.

Na miaraka amin'ireo vola lany rehetra sy ny hevitra tsara avy amin'ireo manam-pahaizana dia tsy hita izay fiovana. Ny toe-karena tsy nahasitrana ny tany na dia nahazo ny hevitra tsara indrindra avy amin'ireo mpahay toe-karena maneran-tany.

• Inona ny zava-nitranga tao Haiti?
• Ohatrinona ny vola lany tao Haiti?
• Inona ny vokatr'izany?
• Nahoana no toy izany ny vokatra?

Potika ny tontolo ka ny hevitra tsara rehetra ananantsika dia tsy ampy hanorenana azy indray. Tany Haity na an-davitrisany aza ny vola amerikana nampiasaina ka manam-pahaizana maro no niasa tao dia tsy hita izay fiovana. Marina izany maneran-tany fa tsy ao Haiti ihany. Rehefa avy nandany 50 lavitrisa dolara taty Afrika ary nandefa manam-pahaizana an'arivony taty amin'ny kontinanta afrikana dia hita fa mbola mahantra lavitra noho izy 20 tao lasa izay ity kontinanta ity. Ny fahendren'ny olona sy ny loharanon-karena ananany dia tsy ampy hanasitrana ny tanintsika. Mila zavatra misimisy kokoa noho izany isika.

Ny fahasitranan'ny firenena iray dia mitranga amin'ny alàlan'ny olona raha mamaly ny antson'Andriamanitra izy ka miaina araka izay toro làlany.

Vakio 2 Tantara 7:14

• Inona no lazai'ny Baiboly fa tokony hataontsika ?
• Iza no tokony hanao izany — Ny kristiana sa ny tsy kristiana
• Inona no hitranga raha tanterahitsika izany zavatra izany ?
• Inoanao ve fa marina io an-dalan-tsoratra masina io?
• Inona no tokony hataontsika raha te hahita ny fiaraha-monina misy antsika ho sitrana?

Te hahita ny fiaraha-monintsika sitrana Andriamanitra. Tonga hampihavana ny zavatra rehetra Jesosy. Na izany aza dia mbola miasa amin'ny alàlantsika Izy. Raha tsy misy antsika mivavaka sy mifady hanina ary mankato an'Andriamanitra amin'ny fiainantsika dia tsy hisy ny fanasitranana.Ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra ho an'ny fiaraha-monintsika dia misy rehefa mankato ireo zavatra ireo isika. Te hanao ireo ve ianao ?

Ny Baiboly dia manoro antsika izay tokony ho fomba fiainantsika hanasitranana ny tanintsika ary hanorenana ny fanjakan'Andriamanitra.

Indraindray raha mividy zavatra lafo vidy isika dia mahazo boky kely mirakitra ny fampiasana azy. Io boky kely io dia nosoratan'ny orin'asa mpanamboatra ny fitaovana. Hain'izy ireo ny fampiasana io fitaovana io ka ny fanarahana ny toro marika ao amin'ny boky no hampahomby sy hampaharitra ny fitaovana ka tsara ny famakiana ny boky mialoha ny hampiasana azy .

Sahala amin'izany koa ny fiasan'Andriamanitra. Izy no nahary an'izao tontolo izao ary nandrindra azy. Izy no namorona antsika sy nampisy antsika. Hainy ny mampandeha ny tontolo sy ny fiainantsika araka izay tsara indrindra ary nanoratra boky koa izy ho toro marika amin'ny fiainana eto amin'ny tontolo sy ny fiainantsika. Baiboly no iantsoana azy io. Ao amin'io boky io no ilazany

amintsika izay fomba tokony hiainana sy seha-piainantsika rehetra. Ny Baiboly no manana ny tor marika rehetra sy ny fahendren rehetra hanasitrana ny tontolo sy ny fiaraha-monintsika maratra sy potika. Mila mamaky sy mamantatra ary mampihatra izay voasoratra ao amin'ny seha-piainantsika rehetra isika raha te hahita fiainana tsara sy te hahita fiaraha-monina miova.

Toro hevitra: Ivereno jerena indray ireo hevitra telo ary mampiasà karatra. Ataovy azo antoka fa azon'ny mpiofana ny voalaza amin'ny karatra tsirairay.

- Inona no nianarantsika mikasika ny fomba fanasitranana ny tontolomisy antsika?
- Ahoana no hahafahantsika miaina amin'ny fankatoavana an'Andriamanitra?
- Ilaintsika ny mamaky ny Baiboly ary mampihatra izany amin'ny sehatra rehetra amin'ny fiainantsika
- Inona no nampanantenain'Andriamanitra fa hitranga raha mankato isika?

Mampihatra ny Baiboly amin'ny sehatra rehetra amin'ny fiainantsika

Raha vakinao ny tantara milaza ny fianan'i Jesosy fony Izy teto an-tany dia ho hitanao fa hafa mihitsy ny fomba fisainan'ireo mpianany ny amin'ny fomba tokony ho fanjakan'i Jesosy sy Izay tena nataony.

Vakio Marka 10:35-37, 41-45

- Inona no ady hevitra nataon'i Jaona sy Jakoba?
- Inona no nolazain'i Jesosy ny amin'ny zavatra tokony hataon'ny mpitarika?

Jakoba sy Jaona dia nisaina araka ny fomban'ny kolon-tsainy. Te hanapaka ambonin'ny hafa izy ireoary naka sary an-tsaina rehefa rahatrizay lasa mpitarika lehibe izy ireo. Nahitsin'i Jesosy anefaizay fisainany izay ka natorony azy izay tokony ho toetran'ny mpitarika lehibe : Ny mpitarika lehibe dia mpanompon'ny rehetra.

- Ahoana ny fieritreretanao ny fiainan'ny mpanompo tamin'izany andro izany?
- Ahoana no heverinao ho fahatsapan'ireo mpianatra raha nandre izay nolazain'i Jesosy?

Matetika dia izao no mitranga : ny fomban'izao tontolo izao na ny fomban'ny olona dia tsy fomban'Andriamanitra. Mila mamantatra ny fomban'Andriamanitra isika raha te handeha hanorina ny fanjakany eto ambony tany. Nomen'Andriamanitra antsika ny Baiboly izay maneho antsika ireo fomba tokony hiainantsika araka ny sitrapon'Andriamanitra ka hampifaly Azy.

ANATY VONDRONA KELY

Fenoy ireto tabilao manaraka ireto. (Dika laharana faha 3.1).
Amin'ny loha hevitra tsirairay dia eritrereto izay matetika lazain'ny fomban'ny kolon-tsainao. Avy eo jereo ny an-dalan-tsoratra masina ary fantarao izay lazain'ny Baiboly ho tokony ataontsika.

Soa toavina	Tenin'Andriamanitra	Ny kolon-tsaintsika/ Fomban-drazana	Fanjakan'Andriamanitra
Ahoana no tokony ho fihetsiky ny lehilahy amin'ny maha vady azy	Kolos 3:17 1 Per 3:7 Efes 5:25, 28, 33		
Ahoana no tokony ho fihetsiky ny lehilahy amin'ny maha vady azy	Gen 2:18 Efes 5:22-24, 33		
Ahoana no tokony itaizana ny ankizy	Sal 127:3 Efes 6:4		
Ahoana no tokony hitondrana ny hafa	Mat 22:36-40 Lioka 10:25-37		
Ahoana no tokony hitondrana ny fahavalo	Lioka 6:27-31		
Manao ahoana ny toe-pontsika manoloana ny asa	Kol 3:22-4:1 Efes 6:7-8		
Manao ahoana ny toe-pontsika manoloana ny tontolo	Sal 24:1 Gen 1:28-30 Gen 2:15		
Ny tena zava-dehibe	Mat 6:25-34 Mat 22:36-40		
Manahoana ny toe-pontsika manoloana ny faty sy fahafatesana	Jao 11:25-26 Heb 2:14-15 Apok 1:17-18		
Ny toe-pontsika manoloana ny fahoriana	Lioka 6:22-23 2 Kor 1:8-11		

Mitady sy mamantatra ireo fitsipik'Andriamanitra

Amin'ity herinandro ity raha mamaky ny Baiboly ianao dia tokony hanomboka hitady izay fitsipik'Andriamanitra hita ao azonao ampiharina amin'ny fiainanao. Na toko na an-dalana no vakinao dia apetraho aminao ihany izao fanontaniana manaraka izao :

- Inona no ampianarin'ity an-dalana ity amiko mikasika an'Andriamanitra?
- Inona no ampianarin'ity an-dalana ity ahy ny amin'izay tokony ho fomba fiainako?

• Inona no ampianarin’ity an-dalana ity ahy ny amin’ny tokony hitondrako ny hafa?
• Inona no ampianarin’ity an-dalana ity ahy ny amin’ny fomba fanajak ny tontolo na fiasako na fampiasako ny volako sns?

Lesona 4: Ny Soa toavin'ny Fanjakan'Andriamanitra sy ny Asa

Fitsipika fototra

1. Ny asa dia sehatra iray eo amin'ny fiainantsika izay azontsika anomezana voninahitra an'Andriamanitra. Ny Baiboly dia mampianatra antsika hatoky amin'ny asa ary ahoana no atao mba hanomezana voninahitra an'Andriamanitra amin'ny asantsika.

Fitaovana

1. Dika 4.1 Fifanakalozan-kevitra anaty vondrona kely
2. Toro làlan'i John Wesley ho an'ny asa

Fampidirana

Fifanakalozan-kevitra vondrona lehibe

• Tsara sa ratsy ny fiheverana ny asa amin'ny ankapobeny ?
• Inona avy ireo karazana ohabolana mikasika ny asa lazaina amin'ny fiteninareo na fombanareo?

Gen1:28
• Inona no toro hevitra voalohany nomen'Andriamanitra an'i Adama?
• Taloha sa taorian'ny nanotan'i Adama ka nihinanany ny voankazo voarara izany?

Gen 2:2
• Nitsahatra tamin'inona Andriamanitra?

Mar 6:1-3
• Inona no asan'i Jesosy talohan'ny nanombohany nampianatra?

Araka ny hitantsika amin'ireo an-dalana ireo dia niasa Andriamanitra, ary satria natao araka ny endrik'Andriamanitra isika dia natao hiasa tahaka azy koa. Hatrany am-boalohany tany, talohan'ny nidiran'ny fahotana teo amin'ny tontolo dia efa niasa ny olombelona.

Ao amin'ny bokin'i Rota dia mianatra ny tantaram-piainan'i Rota isika. Nandositra ny hanoanana izy niaraka amin'ny rafozam-baviny ary tena nahantra izy ireo. Niverina tany Moaba izy ireo satria reny fa misy sakafo any. Nahita asa tao an-tanim-bolin'i Boaza i Rota, izay liana ny aminy ka namantatra izay nataony tamin'ny rafozam-baviny.

• Inona no nataon'i Boaza hanampiana an'i Rota? (Rota2:15-16)
• Nahoana araka ny hevitrao no tsy tonga dia nomeny salohim-bary fotsiny i Rota?
  - *Satria natao hiasa isika, mahatsapa fahamendrehana sy mahatsapa ny dikan'ny maha isika antsika isika rehefa afaka miasa fa tsy olona mpandray fiantrana fotsiny. Ny fanaovan'i Boaza izany dia mametraka amin'i Rota amin'ny maha izy azy.*

Fomba fijery ara-Baiboly mikasika ny Asa

Vondrona kely

Mampiasà dikan-desona 4.1 ary mifanakaloza hevitra. Inona avy ireo antony tokony hiasana? Ampiasao ireto an-dalana manaraka ireto sy ireo hevitra mety efa nanananao teo aloha amin'ity lesona ity.

- 1 Tes 4:11-12
- 1 Tim 5:8
- Efes 4:28
- 1 Kor 10:31

Fifanakalozan-kevitra vondrona lehibe

- Araka ny eritreritrao, nomanin'Andriamanitra hiasa ve isika olombelona ? Manahoana matetika ny toe-pon'ny olona manoloana ny asa ?
- Oviana no namoronan'Andriamanitra ny saha, na mpandrafitra ve Jesosy, Ahoana no fiheveranao ny mety ho toe-pony tamin'izany ?
- Ahoana nohahafahantsika manana toe-po sahala ny an'Andriamanitra ?
- Ahoana no hahafahantsika manampy ny hafa hanana toe-po sahala ny an'Andriamanitra manoloana ny asany ?

TSIRAIRAY

- Manahoana ny toe-ponao manoloana ny asanao ?
- Mila manova izany ve ianao ?

Mivavaha mba hanampian'Andriamanitra anao hahita ny asanao tahaka ny fahitany azy ary mba hanomezany anao toe-po sahala amin'ny Azy.

Karazana asa

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

- Heverinao ve fa misy asa manan-danja kokoa noho ny hafa ? Inona no mahatonga azy hanan-danja ?

AO ANATY VONDRONA KELY

- Inona no asa nomen'Andriamanitra an'i Adama?
- Inona no asa nomen'Andriamanitra an'i Noa?
- Inona no asa nomen'Andriamanitra an'i Josefa?
- Inona no asa nomen'Andriamanitra an'i Daniela?
- Inona no asa nomen'Andriamanitra an'i Gideona?
- Inona no asa nomen'Andriamanitra an'i Mosesy?
- Inona no asa nomen'Andriamanitra an'i Davida?
- Heverinao ve fa naleon'Andriamanitra mahita ny olona mitarika fiangonana na mitory teny toy izay hanao izay asa nampanaoviny azy ?

•Eritreretinao ve fa heverin'Andriamanitra ho ambany na tsy manan-danja kokoa noho ny mpitory teny ireo olona ireo ? Ohatra: tsy manandanja noho ny asan'i Arona ve ny asan'i Mosesy ?

Ny fiheverana fa ny asa sasany manan-danja kokoa na ny sasany ambany kokoa dia tsy mifototra ao anaty Baiboly. Io eritreritra io dia avy amin'ny kolon-tsaina Grika izay lasa fomba fisainan'ny Kristiana koa mandra-pahatongan'ny fanavaozana. Ny Grika dia mino fa ny zava-panahy dia ambony kokoa ary manome voninahitra bebe kokoa an'Andriamanitra fa ny asa hafa dia ambany kokoa ary tsy dia manan-danja amin'Andriamanitra. Na izany aza dia tsy izany no tantara hita ao anaty Baiboly. Ny Baiboly dia manomboka amin'ny namoronan'Andriamanitra ny tontolo sy ny tany. Ao amin'ny Genesisy 2 :8 dia hitantsika fa namorona saha Andriamanitra. Andriamanitra Ilay Tompointsika sy iankohofantsika dia namorona saha. Raha miasa eny an-tsaha isika dia aoka hotsaroantsika foana fa Andriamanitra no mpiasa tany voalohany. Isika dia manao izay efa nataon'Andriamanitra tany aloha be tany. Andriamanitra dia tsy sasatra miantso ny olona hanompo Azy amin'ny fomba maro samihafa. Raha asa mendri-kaja ny mitory filazantsara sy ny mitory teny dia sahala amin'izany koa ny miasa tany sy ny mandrafitra na mampianatra. Tsy ny hampianatra ny zavatra ara-panahy ihany no ilantsika olona fa ilaintsika koa ny mamokatra sakafo hoanina, hanamboatra trano ipetrahana ary koa ny hampianatra ny zanatsika. I John Wesley, Kristiana fanta-daza izay niaina 200 taona tany aloha tany dia nanome izao toro làlana izao momba ny asa :

Toro làlan'i John Wesley (Fanampiana Maso 2)

- Ny asa dia tsy tokony hanimba ny fahasalamana
- Ny asa dia tsy tokony hanapotika ny ankohonana
- Ny asa dia tsy tokony hifanohitra amin'ny soa toavina
- Ny asa dia tsy tokony handratra ny mpiara-monina na ny fahafahany mahazo vola ilainy.
- Ny asa dia tsy tokony handratra ny mpiara-monina ara-batana mihitsy aza
- Ny asa dia tsy tokony hitarika ny hafa hanota

I John Wesley dia nilaza fa ao anatin'io toro làlana io dia tokony hampiasa ny talenta anànantsika isika hiasa mafy araka izay tratry ny aintsika. Tokony hanao izay hahazoana betsaka indrindra amin 'izay ilaina mba hahazoantsika mamatsy ny ankohonantsika, manangona ho an'ny ho avy ary manome ny mahantra. Araka izany dia manome haja an'Andriamanitra isika amin'ny fampiasantsika ny talentantsika, ny herintsika ary ny fahasalamana nomeny antsika.

FIFANAKALOZAN-KEVITRA ANATY VONDRONA LEHIBE

Jereo tsara ny toro làlana nomen'i John Wesley

- Inona avy no ohatra azo raisina izay mety mamaha ireo zavatra voatanisa ireo?
    - *Tsy tokony hanimba fahasalamana ny asa — Miasa amin'ny toerana mampidi-doza, manao asa tsy mifanaraka amin'ny fahafaha-manao, oh : Asa sandry mafy ho an'ny olona efa antitra be.*
    - *Ny asa tsy tokony hanapotika ny fianakaviana — Miasa mandritra ny ora maro ka lasa manadino ny ankohonana. Ny asa izay mitaky anao hanalavitra ny ankohonana mandritra ny andro maro ka tsy hahafahanao mikarakara azy.*

- *Ny asa dia tsy tokony hanohitra ny soa toavintsika — Mametsifetsy na manararaotra ny hafa.*
- *Ny asa dia tsy tokony handratra ny mpiara-monina na hanelingelina ny fahafahany mitady vola — Manomboka varotra eo akaikin'ny hafa efa manao izany nefa mivatrotra amin'ny vidiny ambany mba hahazoanao ny mpividy teo aminy rehetra.*
- *Tsy tokony hanimba ny ain'ny hafa koa ny asa — mivarotra na manamboatra toaka sy sigara.*
- *Tsy tokony hitarika ny hafa hanota ny asa — Ny manao trano fisotroan-toaka*

• Raha mino isika fa ny asa rehetra dia manome voninahitra an'Andriamanitra, ahoana ary no fiantraikan'izany amin'ny fomba fijerinao ny asa ?
• Misy fiantraikany amin'ny fomba fanaovanao ny asanao ve izany?

Miahy ny amin'ny fomba anaovantsika ny asantsika Andriamanitra

Matetika dia lazaina fa ratsy indrindra amin'ny mpiasa rehetra ny mpiasa kristiana.

• Ahoana no hahafahanao mihevitra ny fahamarinan'izany ?
• Mitranga eo amin'ny toerana misy ana ove izany?
• Ahoana ny fiheveranao ny fahatsapan'Andriamanitra mahare izany laza ratsin'ny kristiana izany ?

Ny Baiboly dia tsy milaza mihitsy fa misy asa manan-danja kokoa na tsia nefa ny Baiboly koa dia manan-javatra maro holazaina mikasika ny tokony hanaovantsika ny asantsika. Ampahany manan-danja amin'ny androntsika izany— Mandany fotoana maro isika iasantsika noho izany dia tokony tandremantsika tsara ny fomba hanaovantsika azy.

AMINNY VONDRONA KELY

Jereo ireto an-dalan-tsoratra masina manaraka ireto, Inona no ampianarin'ireto an-dalana ireto antsika mikasika ny asa ? Ao anaty vondrona kely, fintino amin'ny fehezan-teny iray ny valin-teny.

• 2 Tes 3:10-12
• Ohab 10:4
• Ohab 19:15
• Ohab 21:25

Inona no eritreretinao ampianarin'ireo an-dalan-tsoratra masina ireo mikasika ny fomba tokony hanaovantsika ny asantsika ?

• 1 Kor 10:31 - Manome voninahitra an'Andriamanitra
• Kol 3:23 - Miasa ho an'Andriamanitra

VONDRONA LEHIBE

Ny ankamaroan'ny fotoana niainan'i Jesosy dia niasany ho mpandrafitra. Alaivo sary an-tsaina hoe niara-niaina taminy tamin'izany fotoana izany ianao ka nahita azy.

• Ahoana no heverinao ho mety kalitaon'ny asa nataony ?
• Raha miara-miasa amin'ny toerana iray ianareo : manao ahoana izany miara-miasa amin'i Jesosy izany.
• Ahoana no mety ho fihetsiny mandritra ny tontolo andro ?
• Ahoana no fihetsiny na dia tsy misy mahita aza Izy ?

Nandritra ny fotoanan'ny fanarenana dia nitranga ny fanovana vokatry ny fanaovan'ny Kristiana ny asany. Tamin'izany dia nanomboka namaky Baiboly ny olona ahitany ny fomba hampiharana izany amin'ny fiainany an-davan'andro. Tamin'izany koa, raha manamboatra latabatra ny mpandrafitra iray dia ataony azo antoka tsara fa tsara ny fanambaniny sahala amin'ny eo ambony ihany. Nolazainy fa mora hitan'Andriamanitra ny ao ambany sahala amin'ny eo ambony ihany ka raha miasa izy dia miasa hanao izay mahafaly an'Andriamanitra. Ny vokatra novokarina tamin'izany fotoana izany dia an'isan'ireo izay tsara kalitao indrindra nisy hatramin'izay.

VONDRONA KELY

ANJARA LALAOVINA

Mifidiana asa iray ary mifidiana anjara lalaovina roa : Ny iray maneho olona manao asa manome voninahitra an'Andriamanitra ary ny iray mifanohitra amin'izany. Asaivo manao izany ny vondrona rehetra.

VONDRONALEHIBE

Aorian'ny anjara lalaovina dia mifanakaloza hevitra :

• Inona avy ireo fomba voalaza avy ao anaty vondrona fa entin'ny olona hanomezana voninahitra an'Andriamanitra amin'ny asa ataony ?
• Inona avy ireo fomba hitanao entin'ny olona manao ny asany ka lasa mahatonga izany tsy hanome voninahitra an'Andriamanitra
• Inona avy ireo hevitra hafa azontsika hanampiana ireo hevitra voatanisa ireo ?

DINIKA MANOKANA ATAON'NY TSIRAIRAY

Diniho kely ny asa ataonao. Inona avy ireo fomba anomezanao voninahitra an'Andriamanitra amin'ny asa ataonao ? Angataho Andriamanitra hanoro hevitra anao hahafahanao manatsara izany bebe kokoa hanomezanao voninahitra Azy.

Lesona 5: Manorina ny Fanjakan'Andriamanitra

Tanjona fototra

1. Isika dia tokony ho mpankato amin'ny fiainantsika manokana sy ao amin'ny ankohonantsika mba hahafahantsika manova ny fiaraha-monina misy antsika hanahafany bebe kokoa ny fanjakan' Andriamanitra.

Fitaovana

1. Dika laharana faha 5.1 « Ny fianakaviana Kristiana iray dia afaka manova zavatra »
2. Tantara 2. Dika faha 5.2: "Ahoana no hahatonga antsika ho mpanorina ny Fanjakana ?"
3. Peta-drindrina – Ny tsirairay vao ny fianakaviana

Manomboka amintsika izany

Amin'ny lesona voalohany dia noresahintsika ny fomba nanomezan'Andriamanitra antsika Vina lehibe.

- Inona moa izany Vina izany ?
    - Ny Fanjakan'Andriamanitra
- Inona no azontsika atomboka hahafahantsika mahatanteraka izany Vina izany ?

Fiaraha-monina Voaova

Vakio ity tantara manaraka ity

Tamin'ny toerana iray dia fantatra tamin'ny fahantrany lalina ny kristiana. Kely ny vola azon'ny ankamaroan'ny ankohonana. Voatery namboly amin'ny toerana lavitry ny toerana onenany izy ireo ary voatery milanja ny vokany an-damosina satria ratsy ny làlana ka tsy misy fiara fitaterana. Ny ankamaroan'ireo fianakaviana dia zara raha nijinja vary ampy maharitra enim-bolana. Ny fotoana ankoatr'izay dia mitady sakafo any anaty ala ry zareo hamelomany ny ankohonany. Satria tsy hainy ny manao drafitra fandaniana ny volany dia lasa midi-trosa ny fianakaviana isan-taona. Tsy misy trano fivoahana eo amin'ny fiaraha-monina ary matetika marary ny olona. Kely ny trano itoerany ary mitete raha avy ny orana. Ny ankizy amin'izany fiaraha-monina izany dia tsy mandeha ara-dalàna an-tsekoly. Ny fiangonana koa dia kely sy mahantra ary miatrika olana matetika noho ny fanoherana sy ady lahy vokatry ny fisaratsarahana ao anatiny.

Tsy mba navela hiasa eo amin'izy ireo ireo vondrona mpanao asa fampivoarana ka noho izany dia toa kely dia kely ny fanantenana ho azy hialàny amin'ny fahantrana. Fa niova anefa izany rehefa tonga tao ireto mpivady hanofana ireo mpitarika fiangonana avy eo amin'io fiaraha-monina io ny amin'ny tokony hifankatiavan'izy ireo sy nampahafantatra azy ny dikan'ny fitiavan'Andriamanitra. Tsy nanome vola ny fiangonana ireto mpivady fa nampianatra azy fotsiny hankato ny didin'Andriamanitra.

Dia nampihatra ny zavatra nianarany ny fiangonana tamin'ny fifanomezan-tanana teo amin'ny fiaraha-monina. Namboarin'izy ireo ary nalalahany ny làlana. Nifanampy izy ireo rehefa fotoam-

pijinjana. Nanorina trano fivoahana koa ary nanorina sy nanamboatra ireo trano simba. Nalefa nianatra ny ankizy madinika. Nifampitondra tsara ny mpivady.

Tao anatin'ny dimy taona monja dia niova tanteraka io fiaraha-monina io. Nanatona ilay mpivady ny mpitarika ity fiaraha-monina ity ary nilaza fa tsy ory sy mahantra intsony izy ireo. Niakatra ny vola miditra isan-tokan-trano ; nihasalama izy ireo ; nankany an-tsekoly ny ankizy. Ambonin'izany, nihanitombo sy natanjaka koa ny fiangonana. Ny ankamaroan'ny olona teo amin'ny fiaraha-monina dia lasa kristiana daholo taorian'ny nanehoan'izy ireo ny fitiavan'Andriamanitra. Lasa nanana fifandraisana tsara tamin'ireo mpitondra eo an-toerana ny fiangonana ary tsy niaritra fanenjehana intsony. Rehefa tonga nizaha izay zavatra nitranga tamin'ity fiaraha-monina ity ny vondrona mpiasa kristiana mpamokatra avy amin'ny toeran-kafa dia saika tsy nino mihitsy fa dimy taona lasa dia tena tao anaty fahantrana lalina ilay fiaraha-monina io. Rehefa hitany fa niova tao anatin'ny fotoana fohy izy dia talanjona tokoa ry zareo ! Nanomboka nanontany ny mpitarika tsirairay izy ireo « fa ahoana no nataonareo nahatonga izao fiovana lehibe izao ? » Fantatrao ve ny valin-tenin'ny mpitarika ? Ny tsirairay avy dia samy nilaza hoe « Nankato an'Andriamanitra fotsiny izahay ! »

VONDRONA LEHIBE

• Inona avy ireo zavatra nitranga tamin'ity fiaraha-monina ity ?
• Zavatra ara-panahy sa azo tsapain-tanana ireo ?
• Rehefa nanontany ny zavatra natao hitondra fiovana ireo vondrona mpiasa mpamokatra, inona no valin-teny mety nantenain'izy ireo ho heno ?
• Inona no nolazain'ny tsirairay avy taminy ?
•Inona no nataon'ny fiangonana teo amin'ny fiaraha-monina hanehoany ny fankatoavany an'Andriamanitra ?

Ahoana no hanovantsika ny fiaraha-monina misy antsika ?

Raha te hahita ny fiaraha-monina misy antsika voaova isika dia tokony handeha amin'ny fankatoavana an'Andriamanitra. Ny dingana voalohany dia ny fanovantsika ny fiainantsika. Mila manomboka mampihatra ny soa toavin'ny Fanjakana amin'ny zavatra rehetra ataontsika isika.

FIFANAKALOZAN-KEVITRA VONDRONA LEHIBE

- Mety hanao ahoana ny fiainantsika raha mankato an'Andriamanitra isika amin'ny fotoana rehetra isan'andro ?

- Mieritrereta zavatra vitsivitsy fanaonao an-davan'andro ?
  Raha miteotra ao anatin'ny fankatoavana an'Andriamanitra ve ianao dia mbola hahavita ireo zavatra ireo ihany ? Sa hataonao mety amin'ny fomba hafa tsaratsara kokoa izany ?

- Ahoana ny fiantraikan'ny sitrapon'Andriamanitra amin'ny zavatra sahala amin'ny torimaso, fihinanan-kanina, fanomanana sakafo, mamboly eny an-tsaha na mantsaka rano ? Liana amin'ny fanaovantsika izany rehetra izany ve Andriamanitra ?

Vakio Mat 6:25-33.

- Inona avy ireo zavatra nampitebiteby ny olona ? Zavatra ara-panahy ve izany sa zavatra nahazatra ?
- Inona no valin-tenin'i Jesosy ?
- Inona no heverinao ho tian'i Jesosy holazaina ? Ahoana no hahafahantsika mikatsaka ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra ?

Mahalasa saina ihany ny toe-java-nitranga fa raha nanatona an'i Jesosy mba hitady sakafo sy izay hosotroina ny olona dia fanirahana hikatsaka ny fanjakan'Andriamanitra mialoha indray no navaliny azy. Inona no dikan'izany ? Midika ve izany fa tsy tokony hieritreritra akory ny amin'izay tokony hohanina sy hosotroina isika fa handany ny fotoanantsika amin'ny zavatra ara-panahy sahala amin'ny vavaka ihany? Raha izay no izy, izay ve no fiainana tanteraka?

Soa ihany fa nisy olona iray izay tena niaina fiainana tanteraka sy nanao ny sitrapon'Andriamanitra tamin'ny fotoana rehetra ho antsika dia Jesosy. (Jaona 14:31). Afaka mijery ny fiainany isika haitantsika izany fikatsahana ny fanjakan'Andriamanitra aloha izany. Jereo ireto an-dalan-tsoratra masina manaraka ireto : Inona no ampianariny antsika mikasika ireo zavatra nataon'i Jesosy ?

- Marka 6:3 – Mandra-paha 30 taonany dia nandrafitra no asan'i Jesosy. Teo amin'ny fiaraha-monina nisy azy dia tsy olona hita ho mpitarika tena ara-panahy be izy fa sahala amin'ny olona tsotra ihany.Na dia mpandrafitra aza izy dia nanana fianana tanteraka ihany. Tsy nisy fotoana tamin'ny fiainany nialany tsy nankato ny sitrapon'Andriamanitra. Nanomboka tamin'ny fahafolo taonany ka hatramin'ny faha telopolo, ny sitrapon'Andriamanitra ho an'ny fiainan'i Jesosy dia ny fanarahany ny fizotry ny fiainan'ny ankohonany ary koa nandrafitra.

- Jao 21:9-14 – Nahandro sakafo ho an'ny mpanany Jesosy.
- Marka 4:38 –Raha sendra reraka izy dia niala sasatra.
- Jao 2:1-2 – Nanatrika fampakaram-bady Jesosy
- Zavatra ara-panahy ve izany fa fianan'olombelona tsotra
  Fiainana tsotra izany ary nandany fotoana nanatrika izany Jesosy. Raha mikatsaka ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra izy dia sady manao ny asa fanaony an-davan'andro ihany. Amin'izany anefa dia tsy miala amin'ny fankatoavana an'Andriamanitra Izy fa tena manompo azy tanteraka.

Vakio Marka 1:21-34.

- Inona no asa nataon'i Jesosy tamin'izany andro izany ? Amin'io an-dalan-tsoratra masina io dia mahita ny zavatra ataon'i Jesosy amin'ny andro sabata isika.

Nandany ny maraina tontolo tany amin'ny synagoga izy nampianatra avy eo niverina tany an-tranon'i Petera, ka rehefa avy nanasitrana ny rafozam-bavin'i Petera dia naka aina ary ity farany no nikarakara azy ireo. Tamin'ny takarivan'io andro io ihany dia naka fotoana nanompo ny hafa tamin'ny fanasitranana azy ireo Izy.

- Mba manahoana ny fandanianao ny andro alahadinao na ny sabatanao ? Inona no hitanao samihafa ary inona no mitovy ?

Araka ny hitantsika, nandritra ireo taona voalohany niainan'i Jesosy dia nandrafitra no anton-draharahany. Na dia nanomboka nampianatra ny hafa aza Izy dia tsy nandany ny fotoanany rehetra nivavaka sy nampianatra ihany. Niara-nisakafo tamin'ireo namany Izy, nanompo azy ireo, natory ary naka aina. Tsy nisy tsiny ny zavatra rehetra nataony ary nifanaraka tsara tamin'ny fanjakan'Andriamanitra. Na dia nanao ny zavatra fanao an-davan'andro aza Izy dia nanao izay nandrasan'Andriamanitra ho nataony.

Rahalahy Lawrence

Manodidina ny taona 1608 tany dia nisy lehilahy iray teraka tao Frantsa. Lasa kristiana izy io tamin'ny faha 18 taonany ary raha feno 20 taona izy dia nanapa-kevitra ny hanokana tanteraka ny fiainany ho an'Andriamanitra. Niditra tamin'ny toeram-piofanana iray izy ka nahatonga azy hahazo anarana hoe Rahalahy Lawrence. Noheveriny fa ao amin'io toeram-piofanana io dia handany ny fotoanany rehetra hivavahana sy hitsaohany an'Andriamanitra fotsiny izy. Mifanohitra amin'izany anefa ny zavatra hitany : Nasaina nanao raharaha tao an-dakozia izy. Nandritra ny folo taona anefa dia nankahala tanteraka ny fanaovana asa an-dakozia izy raha ny sasany mandany fotoana any amin'ny toeram-pivavahana. Nahatsiaro ho nomena asa farany izay tsy misy dikany izy.

VONDRONA LEHIBE

- Raha nihaona tamin'ny rahalahy Lawrence ianao tamin'izany folo taona izany, inona no mba soso-kevitra nomenao azy ?
- Heverinao ko ave fa tsy manan-danja noho ny asa nataon'ireo pretra eny amin'ny trano fivavahana ny asa nataond-rahalahy Lawrence tao an-dakozia ?
- Vakio ireto an-dalana manaraka ireto ary eritrereto ny fomba hampiharana izany amin'ity toe-javatra ity :
    - Mat 25:40 (34-40)
    - 1 Kor10:31
    - 1 Kor 13:1-3

Taorian'ny folo taona dia tsapan'i Rahalahy Lawrence fa afaka manompo an'Andriamanitra izy na aiza na aiza ny toerana misy azy. Nitoetra niasa foana tao an-dakozia izy ary tsapany fa manatrika azy sahala amin'ny any amin'ny trano fivavahana foanaAndriamanitra na ao an-dakozia aza izy. Ny Baiboly dia maneho amintsika fa liana kokoa amin'ny fomba fanaovantsika zavatra Andriamanitra fa tsy amin'izay zavatra ataontsika raha tsy hoe misy ota na mampanota izany. Ny zavatra tsara rehetra ataontsika dia azontsika ampiasaina hanomezana voninahitra an'Andriamanitra.

Avy amin'ny isam-batan'olona mankao amin'ny fianakaviana vao eo amin'ny fiaraha-monina

Ny fiovana dia manomboka amin'ny isam-batan'olona vao miitatra mankany amin'ny fianakaviana avy eo vao eny amin'ny fiaraha-monina sy ny firenena. Dingana andalovan'ny fiovana izany. Raha

mankato an'Andriamanitra ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana dia misy fiantraikany ao amin'ny fiaraha-monina izany. Raha manomboka miaina amin'ny fankatoavana koa ny fiaraha-monina dia hisy fiantraikany amin'ny fiaraha-monina hafa eo amin'ny manodidina izany ka hiafara any amin'ny firenena rehetra.



Fianakaviana

Vakio ireto an-dalan-tsoratra masina manaraka ireto :

- Deot 6 : 7
- Tit 2:3-4
- 1 Tim 3:12
- Tit 1:6
- Ahoana no tokony hampitantsika ny fiovana ao amin'ny fianakaviantsika?

    o Mila mampianatra sy maneho ohatra tsara ho azy ireo isika. Vakio Lio2:52

- Lesona manao ahoana no nianarantsika tamin'ny alàlan'io an-dalan-tsoratra masina io tamin'ny fiofanana farany ?

    o Tokony hitombo amin'ny sehatra efatra isika.

VONDRONA KELY

Miaraka amin'ny hevitra samihafa entina manampy ny fianakavianao hitombo amin'ireo sehatra efatra ireo araka izay azo atao. Aoka ny tsirairay hifidy zavatra hataony ao anaty sehatra tsirairay avy (ara-tsosialy, ara-panahy, ara-batana sy ara-tsaina)

Fiaraha-monina

Raha niaina fiovana ny ankohonana dia mba te hahita ny fiaraha-monina misy azy miova ko aizy.Vakio ny tantaran'ity lehilahy sy ny fianakaviany izay nanova fiaraha-monina. (Raha mahay

mamaky teny ny vondrona dia omeo hovakiany ity tantara ity ary asaivo mamaky tsirairay ny rehetra)Ity dia tantara marina mikasika lehilahy iray izay nifindra monina miaraka amin'ny ankohonany ho eo amin'ny toerana iray izay tsy ahitana na kristiana iray mba hizara ny amin'ny Kristy. Te hahita ny fanjakan'Andriamanitra miorina eo izy ary mba tafarina ny fiainan'ny olona amin'ny sehatra rehetra amin'ny fiainany (ara-tsosialy, ara-panahy, ara-batana sy ara-tsaina).

Fianakaviana kristiana iray dia afaka mitondra fiovana

4 taona lasa izay raha nifindra tamin'ity toerana ity ilay evanjelisitra dia mbola hindo daholo ny olona rehetra teto. Ilay tanàna dia any an-tendrombohitra Himalaya, 305 m ambon'ny ranomasina ny hahaavony. Kilometatra vitsivitsy miala eo no misy ny saha fambolena dite. Io no anton'asan'ny ankamaroan'ny olona monina any.Na izany aza dia kely ny karama ka mijaly amin'ny fivelomana ny olona na dia miasa aza.

Ny tanàna dia ahitana trano hazo mitafo fanitso ratsy fanaovana miisa eo amin'ny 25 eo. Tsy misy trano fivoahana ao. Satria ambony ben y toerana dia lasa mangatsaka be. Ny ankizy anefa tsy misy manao kapa ary bebe kibo daholo.

Ny trano tsirairay avy dia naorina eo amin'ny am-pahant-tany kely iray. Ny lakozia dia natao amin'ny efitra ilany kely feno setroka sy afon-kitay ka vato telo no atao toko ametrahana ny vilany. Ny akoho amin'izany dia mifanaretsaka miditra sy mivoaka. Maloto dia maloto ilay toerana.

Ny sekoly akaiky indrindra dia any amin'ny roa kilometatra. Sarotra amin'ny ankizy ny handeha amin'izany, ny asa tokony hataony eo an-toerana koa betsaka rahateo ka izany no mahatonga ny ankamaroan'ny ankizy tsy miditra an-tsekoly. Vokatr'izany betsaka ireo olon-dehibe no tsy mahay mamaky teny sy manoratra ka araraotin'ireo avy amin'ny tanàna hafa izay mahay izany.

Tsy mba misy voly hita eo an-tanàna satria lavitra any amin'ny roa kilometatra ny lava-drano fantsakana. Sarotra ny mahazo rano hosotroina sy hisasàna mainka fa hanondrahana zaridaina. Nisy ihany tamin'izany fantsona fitarihan-drano avy amin'io sinibe fitahirizan-drano io nefa tsy miasa intsony izany satria tsy nisy olona mba nikarakara nanamboatra azy.

Mahalana dia mahalana ny orana raha tsy amin'ny fotoan'ny fambolem-bary ihany. Tsy misy toerana ampy na koa tsy ampy fotoana ambolena legioma. Raha tahiany aza dia mba ampy azy mandrapahatongan'ny fotoam-pijinjana manaraka ny voka-bary amboleny.

Hindo ireo olona ireo ary manompo andriamanitra maro, an-tapitrisany maro ny andriamanitra asandratra sy tompoin'izy ireo. Manana sary sikotra maromari isan-karazany izy ireo antiny maneho ny andriamaniny. Isaky ny misakafo izy ohatra dia manipy kely amin'ny tany ho an'ireo fanahy mirenireny.

Mahatsiaro kivy sy tsy manana fanantenana izy ireo. Ny hany fanantenan'izy ireo dia angamba any amin'ny fiainana any an-kaotra dia hanana fiainana vaovao tsaratsara kokoa izy ireo. Fa raha tsy faly aminy ireo andriamanitra dia mety ho lasa voalavo na alika izy any amin'ny fiainana manaraka. Mahatsiaro ho tapi-dalan-kaleha izy ary tsy misy fanatenana ho tafavoaka hanatsarany ny fiainany.

I Lepcha dia mpitory filazantsara izay vao nifindra teto amin'ity toerana ity. Nianatra ireo fahalalana fototra mikasika ny fomba hanampiana ny hafa hanatsarana ny toe-pahasalamana izy mandritra ny iray volana. Raha vao vitany izany fiofanana izany dia las aizy nifindra niaraka amin'ny ankohonany ho ami'ity toerana ity hahafahany manampy azy ireo. Nipetraka tamin'ny toerana madio izy ireo ary nanana ny toerana manokana fanomanany sakafo misy toerana somary avo fandrehetany afo. Tsy dia nampiasa afo kitay firy. Nafahiny koa ny akohony ary naao zaridaina kely teo ivelany izy izay nanatsara ny sakafon'ireo zanany. Nanamboatra lava-piringa ko aizy ary hita fa tsy misy viky na marary kibo ireo zanany sahala amin'ireo ankizy eo an-tanàna.

Nanangana barika fanangonan-drano i Lepcha izay napetrany teo ambanin'ny fikorianan-drano avy amin'ireo tafo fanitso rehefa mba latsaka iny ny orana mahalana. Nahita izany ny hafa dia mba nanao koa hany ka rehefa avy ny orana dia manana rano voaangona koa izy ireo.

Vitan'izy ireo ny nampiray hina ny mponina hiara-miasa hametraka fantsona hitarihana ny rano avy any amin'ny sinibe fitahirizan-drano mankeo an-tanàna ary ankehitriny dia manana rano ampy tsara izy ireo na hanondrahana ny zaridainany aza. Betsaka koa ny naka tahaka ny tranon'akohony ary nanamboatra lava-piringa izay tsy mamofona maimbo ary tsy be lalitra.

Rehefa tonga teo an-tanàna i Lepcha sy ny ankohonany dia nanomboka nampianatra ireo olon-dehibe sy ny ankizy hamaky teny sy hanoratra. Nanomboka nampianatra ireo tanora sy ny ankizy hamaky teny izy ireo ary ankehitriny dia manana ny sekoliny hatramin'ny taona fahaefatra ny eo an-tanàna.

Ankehitriny dia lasa misy trano fiangonana kely aza eo an-tanàna satria fianakaviana 23 amin'ireo 25 no manana fifandraisana amin'Andriamanitra. Izany rehetra izany no tanteraka dia satria nizara ny amin'i Kristy tamin'ny teny sy asa nataony ity fianakaviana iray ity.

Nahatsiaro ho manana ny mahaizy azy ny olona satria nahavita zavatra ary hitany fa afaka miaina anatin'ny fahasalamana tsara izy satria nisy ankohonana iray niahy ny amin'izy ireo, tonga ary nizara ny fiainany tamin'ny hafa.

Io tantara io dia notantaraina tamin'ny tanàna samihafa maro tany amin'ny tapany avaratry Inde sy tapany andrefan'ny Nepal. Amin'izao fotoana izao dia zavatra sahala amin'izany no mitranga amin'ny tanàna efa ho 120 amin'iny faritra iny. Niova amin'ny lafiny ara-batana koa ny olona. 107 no isan'ny fiangonana tafatsangana ary ny vondrona lehibe indrindra 12 dia ahitana olona miisa 200 avy.

Io mpitandrina indiana io dia nanangana ny anaram-piangonany manokana antsoina hoe « Fiangonana Agape » ka maro amin'ireo vondrona madinika no niaraka aminy. Raha misy ankohonana kristiana anankiray tahaka ny an'i Lepcha no manana vina hahita ny fiaraha-monina misy azy hiova, dia zavatra lehibe no afaka mitranga ho an'Andriamanitra raha tena mikatsaka ny sitrapony izy ireo ary avy eo manao izay hahatanteraka izany vinanomen'Andriamanitra azy izany. Ny vondrona kely sahala amin'ny ankohonana sasany no niova ho fiangonana ka nanofana olona fototra ao am-piangonana. Mivavaka izahay mba ho lasa toy izany daholo izy ireo amin'ny manaraka.

- Inona avy ireo karazana fiovana hitanao nentina'i Lepcha teo amin'ny fiaraha-monina ? Jereo indray mandeha ny tantara ka tanisao isaky ny kilasin-dohateny toy ny ara-tsosialy, ara-batana, ara-panahy ary ara-tsaina ny fiovana hitanao.

• Ahoana no nitondrany izany fiovana izany ? Niaraka amin'iza no nanombohany izany ? Ny ankohonany
• Ahoana no nampiova ny fiaraha-monina noho ny amin'i Lepcha?
• Ahoana no hahafahanao manao zavatra sahala amin'i Lepcha ?

Fanamarihana: *Amin'ny dingana faha4 dia hanome anareo andiam-pampianarana mikasika ny fahasalamana fototra izahay sahala amin'ny nianaran'i Lepcha.*

Ohatra hafa mikasika olona izay nanangana ny Fanjakan'Andriamanitra

Vakio hatramin'ny farany ireo karazana tantara vitsivitsy ary mifanakaloza hevitra mikasika ireo fanontaniana manaraka ny tantara tsirairay avy.

Manampy eny amin'ny Hopitaly

Nisy pasitera iray izay nizara trakta tao anaty moske amin'ny toerana tsy misolatra amin'ny filazantsara iray. Tsy nahafaly ny fanjakana izany ka nalàn'izy ireo taminy ny fahafahany manao ny asa fanompoany. Ny fomba fitoriany filazantsara dia tsy nahafaly ny olona. Indray andro dia nanatrika fiofanana iray izy mikasika ny fomba fanehoana ny fitiavan'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny hetsi-pitiavana. Lasa nieritreritra drafitra hafa izy. Naka olona hiasa an-tsitra-po 4 izy, nividy mofo ary nangataka tamin'ny mpiandraikitra ny Hopitaly alàlana mba hahazoany mamangy ireo marary, hizara mofo ary hivavaka ho azy ireo. Azon'ireo ekipa ny fahazoan-dalana hamangy nefa nasaina nandeha amin'ny faritra manahirana indrindra izy ireo dia any amin'ireo olona marary saina izay heverina ho tsy azo sitranina intsony. Iray amin'ireo olona marary ao ity lehilahy iray izay efa tsyniteny nandritra ny taon amaro. Tsy mba mandeha amin'ny tongony izy fa mandady. Mivontovonto ny tavany ary tsy nisy hahafantarana azy intsony. Ny ravin-tsofiny ilany dia nihalehibe ary mamofona ratsy ben y vatany. Maloto tsy misy ohatr'izany izy. Ny ekipa mpamangy azy dia nametra-tanana taminy ary tsy nisy te handray zavatra hafa mandra-panasana izany. .Ny herinandro manaraka dia niverina tany ireto ekipa sy ilay pasitera. Nihaona tamin'ny lehilahy iray izay lava mahia ary mihidy ao anaty trano vy aty amin'ny faritry ny marary saina izy ireo. Nangatahin'izy ireo hitarika azy any amin'ireo marary hafa ity lehilahy ity.

Ity lehilahy ity dia nilaza tamin'izy ireo fa izy ilay lehilahy nentin'izy ireo am-bavaka ny herinandro lasa teo. Satria nanova azy loatra ny vavaka nataon'izy ireo dia nangataka azy mbola hitohy hivavaka ho azy izy. Tsy nahafantatra azy mihitsy ny ekipa manontolo ka nilaza taminy hoe tsy dia manam-potoana ho azy loatra fa aleo antina any amin'ireo marary hafa. Ny mpiasa tao amin'ny hopitaly no nanamafy fa izy io ilay lehilahy maloto sy maimbo nantin'izy ireo am-bavaka ny herinandro lasa teo.Talanjona ny ekipa rehetraraha nahita fa sitrana ilay lehilahy. Lasa afaka nandeha izy ary niteny. Lasa afaka nanoratra aza izy. Ny toe-pahasalamany dia niova ho azo sitranina ndray tsy toy ny teo aloha intsony. Nandeha teny ny fotoana, nitohy nankany amin'ny hopitalin'ny adala ihany ireto ekipa ireto nitondra fitafiana sy mofo ary nivavaka ho an'ny marary. Maro ireo marary hafa no nisokatra nandray azy ireo. Taorian'io dia nansaina hiasa amin'ireo marary rehetra miisa ho 800 ary na ny mpiasa koa aza izy ireo. Nampitomboin'Andriamanitra ny zavatra azon'izy ireo nomena satria betsaka no nahare ny asa izay nataony. Tao anatin'ny 3 taona dia nahazo alàlana tamin'ny ministeran'ny fahasalamana mihitsy izy ireo ka afaka nitombo ny isan'ny mpiasa an-tsitra-po niasa

tamin'ny olona efa ho 2600 tamin'ny hopitaly 5, fitaizana zaza kamboty 5, fonja 2 ary koa toerana fanarenana ireo olona mpimamo sy mpidoroka zava-mahadomelina. Nanomboka asa tamin'ny ankizy mirenireny eny an-dalam-be sy amin'ireo olona tsy manan-kialofana koa izy ireo.

- Inona no nitranga ato anatin'ity tantara ity ?
- Inona no niantombohan'izany?
- Inona no nataony?
- Inona no vokatr'izany?
- Manakaiky kokoa ny sitrapon'Andriamanitra ve ity fiaraha-monina ity vokatry ny zavatra nataony ?
- Inona no azontsika ianarana avy amin'io tantara io ?

Nenjehina avy eo lasa mpitarika

Nisy Pasitera iray hafa koa tamin'ny tany mihidy amin'ny filazantsara iray. Izy io di matetika no voaantso tany amin'ny tobin'ireo polisy. In'enina isan-taona farafahakeliny no tonga mankao amin'ny toerana fanofanany ny polisy ka mitondra azy mankany amin'ny tobin'izy ireo. Indray andro raha nandre ny amin'ny fanorenana ny Fanjakan'Andriamanitra Izy dia nanomboka nampianatra ny fiangonany koa mikasika izany. Namporisihiny ny fiangonany sy izay rehetra teo ambany fitarihany mba hanomboka hanompo ny mpiara-belona aminy ary hijery fomba hahatonga ny fiaraha-monina hiaina araka ny sitrapon'Andriamanitra.

Nanomboka nanao tetik'asa maro ny fiangonana : manome ny mahantra, nanorina trano ho an'ny mpitondra tena, manamboatra làlana, na lava-piringa sns… Nanomboka nitombo ny fiangonana ary nihamatotra ny mpino. Nitsahatra ireo faharatsiana toy ny fisotroan-toaka sy ny filokana teo amin'ny fiaraha-monina. Nihatsikaritry ny fitondram-panjakana tsikelikely teny ny fiovana nentin'ity pasitera ity sy ny mpitarika tao amin'ny fiangonany. Vokatr'izany dia notendrena ho solon-tenam-panjakana hiandraikitra ny faritra teo ilay pasitera. Dia natombony tamin'ny fampianarana ny fahalalana ara-pahasalamana ny andraikitra vaovao noraisiny mba hahafahan'izy ireo koa mampianatra ny hafa. Ankehitriny dia hita fa tena nihatsara ny toe-pahasalaman'ireo olona ao anaty fiaraha-monina.

- Inona no nataon'ilay pasitera?
- Tamin'ny fomba ahoana no nanorenany ny Fanjakan'Andriamanitra ?
- Inona no vokatr'izany?
- Inona avy ireo lesona azo tsoahina avy amin'ity tantara ity ka azontsika ampiharina amin'ny fiainantsika manokana ?

Mandeha an-tsekoly ny ankizy

Tamin'ny toerana ankiray izay dia ambany dia ambany ny isan'ny zaza mankany an-tsekoly. Nisy lehilahy iray izay nahatakatra ny maha zava-dehibe ny fanabeazana no nanapa-kevitra ny hanao zavatra mikasika izany. Niresaka tamin'ireo mpiara-mivavaka ny amin'izany olana izany izy ary nanangana ekipa kely izay vonona ny hiara-miasa taminy hamaha izany olana izany. Dia nanomboka nitety trano izy ireo namporisika ny Ray aman-dreny handefa ny zanany any am-pianarana. Vokatr'izany dia nandeha an-tsekoly ny ankamaroan'ny ankizy teo an-tanàna. Ny mpiandraikitra ny fanabeazana tamin'ny faritra hafa dia nahatsikaritra io fiovana nisy teo amin'io fiaraha-monina io ka

nanasa azy mba hamporisika koa ny ray aman-dreny teo amin'ny faritra misy azy handefa ny zanany tany an-tsekoly. Amin'izao fotoana izao, tsy ny ankizy teo amin'io faritra io ihany fa ny ankizy rehetra teny amin'ny faritra manodidina no nandeha an-tsekoly avokoa.

- Tamin'ny fomba ahoana no nanorenan'ity lehilahy ity ny Fanjakan'Andriamanitra ?
- Ahoana no ho fetezan'ny fanaovana asa sahala amin'izany eo amin'ny fiaraha-monina misy antsika ?

Isika rehetra dia samy afaka ho tonga olona mitondra fiovana eo amin'ny fiaraha-monina misy antsika. Ireo olona voalaza tamin'ny tantara teo aloha dia tsy olona miavaka na voatahy manokana mihoatra noho ny rehetra fa olona tsotra toa ahy sy ianao. Misy ny tsy dia nandia fianarana be loatra fa ny rehetra kosa dia vonona ny hanao izay tratry ny ainy hananganana ny Fanjakan'Andriamanitra eo amin'ny fiaraha-monina misy azy.

Ahoana no hahatonga anao ho mpanangana ny Fanjakan'Andriamanitra.

Andriamanitra dia afaka manao izay zavatra tiany atao. Azony atao tsara ny manangana ny Fanjakany na dia tsy miaraka amintsika aza saingy tsy izay anefa ny drafitra efa nataony. Ny drafitra nataony dia ny hahatonga antsika ho mpanangana ny Fanjakany. Ny fanorenana ny Fanjakan' Andriamanitra dia manomboka amintsika. Vakio na omeo dikan'ny lesona faha 5.3. ny mpiofana. Asaivo mivavaka izy sady mieritreritra ny fomba entiny hanatanterahana izany.

Mizara ny dika faha 5.2– Ahoana no hahatonga anao ho mpanangana ny fanjakana.

1. **Manomboha amin'ny tenanao manokana.**

Ny dingana voalohany amin'ny fahitana ny fanjakan'Andriamanitra miorina amin'ny fiainanao, ao amin'ny ankohonanao, eo amin'ny fiaraha-monina misy anao dia ny fandinihanao ny tenanao aloha. Manaiky ny hampiasain'Andriamanitra ve ianao ? Manaiky ny hankato an'Andriamanitra amin'ny sehatra rehetra amin'ny fiainanao ve ianao ? Manomeza ary zavatra roa izay azonao hatsaraina amin'ity herinandro ity.

Ampianaro ary ampaherezo ny ankohonanao

Raha manomboka manorina ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny sehatra rehetra amin'ny fiainanao ianao dia mila manomboka mampahery ny ankohonanao hanao toy izany koa. Raha mamaky ny Deot 6 :7 isika dia tokony hampianatra ny ankohonantsika amin'ny fotoana rehetra na inona na inona no ataontsika. Mitadiava fomba hampitanao izany amin'ny ankohonanao amin'ny alàlan'ny zavatra ataonao na amin'ny firesahana aminy na koa mitady fomba hahafahan'izy ireo manampy ny hafa koa.

Tadidio ireo zavatra noeritreretinao hatao amin'ny sehatra rehetra amin'ny fiananao araka ny hitantsika tao anaty lesona fa hanampy ny ankohonanao hitombo izany.

Angataho Andriamanitra hampiasa anao hanampy ny hafa hiova.

Manomboha mivavaka sy manontany an'Andriamanitra hanoroany anao izay fomba tokony hanampianao ny hafa. Mitadiava hirika, raha mahita olona manana filàna dia anontanio Andriamanitra hanehoany anao izay tokony hataonao hanampianao azy.

Andriamanitra dia liana mafy ny hanampy antsika hanorina ny fanjakany. Hambarany antsika amin'ny fotoana mety izay fomba tokony hataontsika hanampiana ny hafa.

Manampy ny hafa

Manaova hetsi-pitiavana ary mitadiava fomba hafa hanampiana. Na dia mihevitra fa tsy dia afaka manampy aza ianao dia mbola afaka mampiasa ireo talenta rehetra nomen'Andriamanitra anao entinao manampy. Rehefa manampy ny hafa ianao dia hanomboka hitombo ary ho hitanao fa hay ianao afaka manao zavatra bebe kokoa.

Leson 6: Ny anjara asan' ny fiangonana amin'ny fananganana ny Fanjakan'Andriamanitra

Tanjona fototra

1. mahafantatra fa ny fiangonana no tokony ho ivon'ny fanovana ny fiaraha-monina hanahaka ny Fanjakan'Andriamanitra.
2. Zava-dehibe ny mahafantatra ny olona tsirairay ao am-piangonana ary ny rehetra dia tokony ho mpandray anjara amin'ny fananganana ny Fanjakan'Andriamanitra amin'ny fomba maro samihafa.

Fitaovana

1. Karatra ahitana ireo kisary momba ny tena

Fampidirana

Tamin'ny lesona teo aloha dia nijery ireo dingan'ny fanovana isika. — Ahoana no nanombohan'izany amin'ny fiananao manokana avy eo amin'ny ankohonanao vao eo amin'ny fiaraha-monina sy ny firenena. Na izany aza dia misy zavatra iray manan-danja tsy azo adinoina ao anatin'io dingana io : dia ny fiangonana.

Mba hahafahana manatanteraka io vina lehibe io dia ao anatin'ny drafitr'Andriamanitra ny handraisan'ny fiangonana ny anjara lehibe indrindra amin'ny dingan'ny fanovana.

Vakio Efes 1:22-23.

- Inona ny andraikitry ny fiangonana?
    - o Hanatanteraka ny asa n'i Jesosy

Vakio Efes 3:10.

- Inona no ampiasain'Andriamanitra hampahafantarany ny fahendreny ?
    - o Ny fiangonana

Tsy dia mora azo ny tian'ireo an-dalan-tsoratra masina ireo lazaina nefa dia mampahatsiaro antsika izy fa nanome andraikitra lehibe ny fiangonana Andriamanitra amin'ny fananganana ny Fanjakany. Ny fiangonana no tenan'ny Kristy. Andraikitry ny fiangonana no manatanteraka ny asan'i Jesosy, mitondra fampihavanana amin'ny zavatra REHETRA.

- Inona no mety hitranga raha tsy maintsy akatona ny fiangonanao ? Hitaraina noho izany ve ny tsy mpino eo an-tanàna ? Nahoana raha eny na tsia ?

Tokony hisy fiantraikany betska eo amin'ny fiaraha-monina ny fiangonana ka noho izany no hahatonga azy ireo ho tafintohina raha ny fiangonana no tsy maintsy akatona.

Andao hanao kisary avy amin'ny lesona teo aloha amin'ny endrika hafa isika. Atombontsika amin'ny isam-batan'olona avy eo ny ankohonana, ny fiaraha-monina avy eo ny firenena. Manaova sary eo amin'ny solaitra be.

Ny andraikitry ny fiangonana dia ny manampy hanatanterahana ny dingana tsirairay. Manaova sary ao amin'ny fiangonana. Isika dia tokony hampitao ny tsirairay ary hanampy azy ireny hanova ny ankohonany sy ny fiaraha-monina misy azy sns ... Isika koa dia tokony hitady fomba hanampiana ny fianakaviana sy ny fiaraha-monina hahatonga azy ireo hanao ny sitrapon'Andriamanitra.



Mampitao ny isam-batan'olona

Toro hevitra: Omeo olona vitsivitsy ireo karazana karatra misy ny sarin'ny tenan'ny olona (Fanampiana maso faha X).

- Inona amin'ireo no tsy misy ilàna azy na tsy misy antony namoronana azy?
- Inona no kely indrindra amin'ny tenan'ny olona?
- Inona no mety ho fiantraikan'ny fanariana na fanalana ilay taova heverina ho kely indrindra amin'ny tena ?
- Raha saratsarahana ireo isan'ny tena ireo, mbola afaka mitohy manao ny asany ve ny tena manontolo ?
- Manomeza ohatra ny amin'ny fifampiankinan'ireo taova rehetra eo amin'ny tena.
- Manahoana ny fahombiazan'ny tena raha misy banga ny taova ?

Asaivo apetrapetraky ny tsirairay ny karatra eny aminy

- Tsaratsara kokoa ve ny mijery ny endriky ny tena amin'izao ?
- Inona ny fiantraikan'ny fahaverezan'ny iray na maro amin'ny tena ?

Asaivo mifidy izay fantany ho tena manan-danja bebe kokoa ny rehetra avy eo asaivo apetraka eo ambany ny ambiny.

- Afaka miasa ve ny tena amin'izao ? Nahoana no tsy afaka ? Angaha tsy ireo heverinareo ho manan-danja indrindra no efa nalainareo ?

I Kor 12:12-20

• Eo amin'ny tena iray dia manan-danja avokoa ny isan'ny momba ny tena tsirairay. Ny fiangonana no heverina ho tena iray ka ny mpikambana tsirairay ao dia manan-danja amin'ny fananganana ny Fanjakan'Andriamanitra. Tsy misy olona tsy ilaina izany. Manana anjara asa lehibe ve ny tsiairay eo amin'ny tena ? Mety misy olana ve raha mitsahatra tsy mankao am-piangonana intsony sa tsy misy fiantraikany amin'ny fandrosoan'ny fiainan'ny fiangonana na fampandehanana ny asa fanompoana izany ?

• Firy isan-jaton'ny olona ao am-piangonana no mandray anjara ? ary firy isan-jato no tsy miasa ?
• Asaivo mametraka ny karany ny isan-jaton'ny mpiofana sahala amin'io isan-jato hitanareo io.
•Raha ny tenanao ihany no nahazo ny isan-jaton'ny miasa, ahoana ny fiantraikan'izany ? Marina ao amin'ny fiangonana koa ve izany ? hahomby kokoa ve ny fiangonana raha mihamaro ny salan'isan'ny olona no miasa ?

• Inona no azontsika atomboka sahady hamahana izany olana izany ?

Nahoana no mila manampy ny isam-batan'olona?

Vakio Efes 2:10.

• Inona no tokony hataon'ny olona voavonjy ?
• Ny olona rehetra voavonjy ve sa ny sasany ihany no tokony hanao asa tsara ?
• Manao asa tsara ve ny olona rehetra ao am-piangonanao?

Vakio ny fanoharana ny amin'ny talenta (Mat 25:14-30)

• Eo am-pamakiana io fanoharana io, eritreretinao ve fa manoro antsika io an-dalan-tsoratra masina io fa tokony hampiasa ny talentany hanorenana ny fanjakan'Andriamanitra ny kristiana rehetra ?
• Mampiasa feno ny talentany ve ny kristiana rehetra ao am-piangonana ?

• Ahoana ny fomba hanampiantsika ny olona hampiasany ny talentany hananganana ny fanjakan'Andriamanitra ?

Raha te hanangana ny Fanjakan'Andriamanitra dia mila miara-miasa isika. Raha ny olona iray afaka manangana ny ampahany kely amin'ny Fanjakan'Andriamanitra, ary ny fiangonana rehetra manomboka miaina araka ny sitrapon'Andriamanitra amin'ny sehatra rehetra amin'ny fiainany ary manampy ny hafa hanao toy izany, dia hahomby tokoa ny fananganantsika ny Fanjakan'Andriamanitra. Alaivo sary an-tsaina raha ny olona tsirairay ao am-piangonana no manolo-tena hiaina araka ny sitrapon'Andriamanitra amin'ny fiainany manokana sy ao am-piangonana ary eo amin'ny fiaraha-monina. Inona no mety ho fiantraikan'izany ao am-piangonana sy eo amin'ny fiaraha-monina ?

Efes 4:11-12.

• Inona no andraikitry ny mpitarika (Apostoly, mpaminany, evanjelisitra, mpitandrina na mpampianatra)?

•Amin'ny fiangonana maro dia matetika izao no lazaina : ny 10 isan-jaton'ny olona ao no manao ny 90 isan-jaton'ny asa ? Manao ahoana ny fahamarinan'izany ? Ahoana no hanovantsika izany ?

• Ahoana no hampahomby antsika bebe kokoa amin'ny famporisihana sy fampijoroana ny hafa hahafahany mandray anjara amin'ny asa fanompoana?

Matetika dia lazaina fa izay matetika manompo ny hafa no hita fa mitombo sy mianatra bebe kokoa. Tany Indonezia dia nisy misionera niasa teo anivon'ny tanora. Na dia nampianatra azy ireo isan-kerinandro aza ireto misionera dia lasasorena e ihany mahita fa malemy sy miadam-pitombo ireto kristiana ireto. Nanapa-kevitra izy ireo ny hampandray anjara ireto tanora amin'ny asa fanompoana. Nametraka fitsipika vaovao izy ireo fa izay mandray anjara amin'ny asa fanompoana ihany no afaka manaraka ny fampianarana isan-kerin'andro. Betsaka tamin'ireo tanora no nandray anjara amin'ny hetsika maro isan-karazany. Aon y nanampy ny fianakaviana sahirana teo amin'ny fiaraha-monina, ao ny nanampy ny ankizy mahantra amin'ny fianarany ary koa manampy amin'ny asa fanompoana eo anivon'ny ankizy . Volana vitsivitsy monja taorian'izay dia tsikaritr'ireto misionera fa nanomboka nihamatotra tamin'ny finoany ireto tanora. Mila mamaky Baiboly sy mivavaka amin'izay izy amin'izao. Mila mianatra matoky an'Andriamanitra izy hanampy azy hahafahany manampy ny hafa.

VONDRONA LEHIBE

•Inona no zavatra nitranga teo amin'ity tantara ity ?
• Inona avy ireo fomba nampiasain'ireo tanora nanombohana ny asa fanampiana ny hafa ?
• Efa nahita olona niha matotra ve ianao satria nanomboka nandray andraikitra tao am-piangonana izy ?
• Fa maninona no mihamatotra ny olona rehefa manomboka manampy ny hafa ?

Manova fianakaviana

Ny fiangonana dia afaka mandray andraikitra manampy ny fianakaviana hiaina araka ny sitrapon'Andriamanitra amin'ny fampianarana ny mpino ao aminy ohatra ny fomba hananana toka-trano mafy miorina, na ny fomba tokony hitaizana ny ankizy, fanomezana hirika ny fianakaviana hanompo sy hiara-mitsaoka an'Andriamanitra. Ny fiangonana dia tokony hijery hirika hahafahana manampy ny isam-batan'olona hahafahany manampy ny ankohonany ka hahatonga ny ankohonany hiaina araka ny sitrapon'Andriamanitra.

Manova fiaraha-monina

Ny fiangonana dia tokony hanana hery entina manova ny fiaraha-monina amin'ny fomba maro. Misy sehatra telo lehibe tokony tratrarina eo amin'ny fiaraha-monina :

1. **Mampitombo isa ny kristiana**

Izy io dia tsy ilay matetika ataon'ny fiangonantsika hampitombo ny isan'ny kristiana ao aminy (amin'ny fangalarana mpino) Ny fampitomboana ny isan'ny kristiana tiana holazaina dia ny fitomboan'ireo tsy kristiana lasa mpino an'Andriamanitra ary manaiky an'ny Kristy ho

mpamonjiny.Ny fiangonana dia manana andraikitra lehibe amin'ny fanampiana ny olona hahafantatra ny filazantsara sy amin'ny famelomana ireo mpino vaovao.

2. **Mampianatra ny fiaraha-monina hiaina amin'ny fankatoavana an'Andriamanitra.**

Araka izay nianarantsika dia mahalala antsika Andriamanitra ary mahafantatra izay tena tsara ho antsika Izy. Nambarany ao anaty Baiboly ny fomba tokony hiainantsika. Azontsika atao koa ny mampianatra ny hafa ireo fitsipi-piainana fototra ara-baiboly. Ny fiangonana dia afaka mitady hirika hanampiana ny olona hiaina araka ny sitrapon'Andriamanitra amin'ny sehatra rehetra amin'ny fiainany.

Na ireo izay tsy liana amin'ny fiainana kristiana aza dia mety ho liana amin'ny fianarana mikasika ny fahasalamana, na ny ankohonana mafy orina tsara na mikasika ny fitantanam-bola. Ireo karazana fampianarana ireo dia manampy ny olona hanatsara ny fiainany raha sady miaina araka ny sitrapon'Andriamanitra izy ary koa manampy hanatsara ny fifandraisana amin'ny tsy kristiana sy ny fiangonana.

3. **Manampy ny fiaraha-monina misy azy hiaina araka ny sitrapon'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny tetik'asa fanompoana**.

VONDRONA KELY

Valio ireto fanontaniana manaraka ireto :

- Mat 20:28 - Inona no antony nahatongavan'i Jesosy?
- Filip 2:4-9 - Ahoana no famaritan'i Paoly an'i Jesosy?
- Jesosy dia tonga mba hanompo. Ny Baiboly raha milaza hoe "Manana ny toetra mahaAndriamanitra," dia azo lazaina koa hoe , "satria Andriamanitra Izy, dia tsy nanao ny fitoviana amin'Andriamanitra ho zavatra mafy tena hifikirana, fa nanao ny tenany ho tsinontsinona, naka ny endriky ny mpanompo." Alaivo sary an-tsaina ny hoe satria Andriamanitra Izy dia nanao ny tenany ho tsinontsinona ary naka ny endriky ny mpanompo. Toetran'Andriamanitra ny manompo. Satria tenan'ny Kristy ny fiangonana dia tokony hanana an'izay toetra manompo izay ko aizy.
- Jak 1:27 - Fomba fivavahaa manao ahoana no ankasitrahan'Andriamanitra?
- Mark 12:31 - Inona no zavatra andidian'Andriamanitra hataontsika?

Ny fitiavantsika an'Andriamanitra sy ny hafa dia tokony hanosika antsika hanampy azy ireo. Araka izany koa satria tonga mba hanompo Kristy, dia tokony hanana tanjona hanampy koa ny fiangonana amin'ny fanampiana ny olona hahafantatra sy hitombo ao amin'ny Kristy sy amin'ny fanehoana ny fitiavana amin'ny hafa.

Raha manampy ny fiaraha-monina misy antsika isika dia hahita azy hiova. Vakio ny tantaran'ny fiaraha-monina iray ity niova raha nanampy azy ny fiangonana.

Ny sekolin'ny fiaraha-monina

Kagishu, dia tanàna mahantra iray ahitana trano vita amin'ny tapaka vy fotsy efa notsimponina sy tapatapa-kazo. Manana fiangonana ahitana olona eo amin'ny 15 eo izy. Nahazo fanasana io fiangonana io hanatrika ny fivoriam-piofanana mahakasika ny fiainana manontolo ka nanendry an'i Meshack, tovolahy 21 taona hanatrika izany. Niverina niaraka amin'ny vina vaovao i Meshack "Nianaranay tany fa tsy afaka atao safidy ny tsy hankato an'i Jesosy hoy izy!" Noho izany i Meshack, Dismus (loholona ao am-piangonana), ary ny mpitandrina mivady dia niara-nivavaka nangataka tetik'asa tamin'Andriamanitra hanehoana ny fitiavan'Andriamanitra eo amin'ny fiaraha-monina misy azy. Nivaly ary ny vavaka : Manomboka sekoly fanabeazana fototra ho an'ny ankizy ao am-piangonana.

Teo dia niresaka izany tamin'ny olona tao am-piangonana izy ireo ka nanontany izay olona tsy afaka mandoa ny sara-mpianarana kely eny amin'ny sekolim-panjakana. Maro ireo nanaiky handefa ny zanany ho amin'ity sekoly vaovao ity. Tsy mbola nahazo fiofanana akory dia rafitra nampianatra ireto ankizy 13 i Meschak sy pasitera mivady. Ankizy 6 hatramin'ny 12 taona no nampianarina tao amin'ny efitra iray an'ny fiangonana. Tsy nisy latabatra na boky na fitaovana hafa. Ireo olona tsy te handefa ny zanany tao amin'io sekoly io dia tonga tamin'ny alina ka nangalatra ny fitaovana kely mba nisy tao. Fito volana taty aoriana vao nanomboka nahazo karama i Meshacks. 1 Dolara naloan'ireo ray aman-drenin'ny mpianatra ho fanomezana miaraka amin'ny saram-pianarana.

Nanasa ireo ankizy avy amin'ny tanàna hafa i Meschack sy Dismus ka nihabetsaka ny ankizy. Tsy ela taorian'io dia lasa 45 ny isan'ny ankizy tao ary manana salan-taona samihafa. Nisy mpampianatra iray hafa nanolo-tena hiasa an-tsitra-po hanampy afaka enim-bolana taty aoriana ary iray fahatelo hafa afaka valo volana. Regefa feno 100 ny mpianatra dia nankeo afovoany nifanome lamosina ireo mpampianatra samy manatrika ny mpianany avy. Tsy ela dia nanatona nifindra teo an-tanana ireo olona avy amin'ny manodidina satria nampitomboina ny isan'ny trano sy efitra fianarana. . Roa taona taorian'ny nanombohana dia lasa trano roa no nampianarana ary maherin'ny folo ny efitra nisy tao ka azon'ny fiangonana nampiasaina amin'ny alahady koa izany.

Ny taona manaraka dia nividy ampahana tany tsy lavitra an'ny Kawangware ny fiangonana, nanangana trano maharitra avy eo nifindra nankeo. Tao anatin'ny 6 taona dia nisy mpampianatra 17 niasa tao manadray karama, mpiasa 5 hafa tsy mpampianatra ary ankizy 445.

Mbola vao fanombohan'ny tantaran'ilay fiaraha-monina, ny sekoly ary ny fiangonana fotsiny izany. Ny vokatra mivantana azo noho izany ezaka rehetra izany dia lasa nisy sekoly ambaratonga faharoa vaovao teo amin'ny tanàna tsy lavitra azy ireo, misy mpampianatra folo ary mpianatra enim-polo. Nisy fiangonana hafa nanomboka nandray ankizy kely roapolo eo mandritra ny andro fotsiny satria tsy maintsy niasa ny renin'ireo. Ilay fiaraha-mivavaka kely nanombohana dia lasa fiangonana lehibe nahitana olona enim-polo tany ho any ary mbola nanangana fiangonana hafa lasa nahitana olona hatramin'ny efapolo. Ireo fiangonana naorina ireo koa lasa afaka nanangana fiangonana roa tamin'ny toerana hafa.

Enina taona taorian'ny fankatoavana feno fiaretana nataon'ilay fiangonana kely dia hita miharihary ny vokatr'izany teo amin'ny fiaraha-monina sy ny fiangonana manodidina. Ny fiovana tao Kagishu dia voamarina tsara ka naoso-kevitra ireo mpino tao am-piangonana ny amin'ny tokony hanovana ny

anaran’ny tanàna ho « Ruita » izay midika hoe « manala ny zavatra mampidi-doza » fa tsy Kagishu (antsy) intsony .

VONDRONA LEHIBE

•Inona no mitranga amin’ity tantara ity?
•Nanao ahoana ny halehiben’nyy fiangonana ?
• Inona ny vokatry ny hetsika nataony?

Tamin’ny tanàna iray dia fanaon’ny olona tao rehefa miakatra ny vokatra no mivory ny mponina rehetra ka mifanome tanana hanangona ny vokatra eny an-tsaha ho an’ny rehetra. Ny olona tompon’ny tany hiasana dia manolotra sakafo sy zava-pisotro ho an’ny olona rehetra miasa isaky ny andro iasana. Lafo dia lafo anefa ny sakafo ka lasa kely fotsiny sisa ny tombony azon’ny tompon’ny tany amin’ny vokatra novokariny.

Dia nanapa-kevitra ny fiangonana fa hanao hetsi-pitiavana hanampy ireo fianakaviana tena sahirana teo amin’ny fiaraha-monina amin’ny fijinjana ny vokany nefa tsy omena sandany fa samy mitondra ny sakafony izy ireo. Rehefa hitan’ny fiaraha-monina io hetsika nataon’ny fiangonana nanampy ny mahantra io dia nanapa-kevitra ny hanao toy izany koa izy, mifanampy tsy mila tambiny tsy mangataka sakafo sy zavatra hosotroina.

Amin’izao fotoana izao dia mbola mitohy mifanampy ny olona rehefa tonga ny fijinjana. Tsy misy manome toaka na sakafo intsony. Ny tombony azon’ny mpamboly amin’ny vokany dia tena nitombo tokoa. Vokatr’izany dia manana sakafo ampy izy ireo mandritra ny taona.

• Inona no nataon’ny fiangonana hanampiana teo amin’ity fiaraha-monina ity?
• Inona no vokatr’izany? Inona no fiovana naterak’izany teo amin’ny fiaraha-monina manontolo ?

VONDRONA KELY

• Inona avy ireo zavatra azon’ny fiangonantsika atao hanampiana ny fiaraha-monina ?
• Ahoana no hahafahan’ny fiangona manampy ny tsirairay hahatonga azy hiaina araka ny sitrapon’Andriamanitra ?

Leson 7: Ny Fandaharana mikasika ny Fanovana Mifototra amin'ny Fahamarinana

Tanjona fototra

1. Ny Fandaharana mikasika ny Fanovana mifototra amin'ny fahamarinana dia mampitao ny fiangonana hahafahany manovany fiaraha-monina misy azy .

Fitaovana

1. Tetik'asa sy Vina
2. Peta-drindrina momba ny Fiangonana manova Fiaraha-monina
3. Loha-teny mikasika ny fiofanana manaraka

Fampidirana

Makà olona roa mitsangana amin'ny sisin-databatra amin'ny ilany roa. Asaivo samy misintona ny latabatra amin'ny tiany aleha avy zotra sy mitovy ireo olona roa ireo. Avy eo asaivo entiny amin'ny zotra mitovy ny latabatra.

• Iza amin'ny hetsika natao no mora kokoa — mandeha amin'ny zotra mitovy sa ny mandeha amin'izay tiany aleha ?

Tamin'ny lesona vitsy farany hitantsika dia niresaka mikasika ny Fanjakan'Andriamanitra isika. Ny faniriantsika miaraka dia ny hanangana ny Fanjakan'Andriamanitra eto ambony tany. Ny tanjonay amin'ity fandaharana ity (Tazony ilay karatra lehibe na manorata amin'ny solaitra be) dia : Mampitao ny fiangonana hanova fiaraha-monina. Ny vinanay dia ny zavatra tianay hitranga vokatry ny fiaraha-miasa aminareo. Eo am-pihainona dia eritrereto raha zavatra azonao anolorana tena andraisana anjara izany na tsia. Tadidio ilay ohatra ny amin'ny latabatra. Oviana no hita fa mora kokoa ny hetsika natao ? Rehefa mandeha amin'ny zotra mitovy ny olona. Sahala amin'izany koa ny fiaraha-miasa. Raha te hanatratra tanjona samihafa isika dia lasa hifanorisory. Tsy tokony hiara-hiasa raha izay no atao. Raha mifanaraka kosa fa hiaraka hanorina ny Fanjakan'Andriamanitra dia handeha amin'ny zotra mitovy iraisana isika dia hety tsara ny fiaraha-miasa.

Vina sy Tetik'asa

Mampitao ny fiangonana hanova fiaraha-monina.

Mampitao ny fiangonana

Araka ny voalaza tamin'ny lesontsika farany dia manana anjara asa lehibe ny fiangonana amin'ny fananganana ny Fanjakan'Andriamanitra. Mampita ny vina ny fiangonana, avy eo mampianatra sy

manohana ny olona izay manao ny asa. Ny fanirianay dia ny hanampy ny fiangonana hahafahanay manatanteraka ny andraikiny. Izahay dia tsy maka ny andraikitry ny fiangonana na manao izany (Asehoy ny karatra faha 5)

Ny mampitao ny fiangonana dia **tsy** midika hoe :

1. Izahay no manana ny vahaolana rehetra ; ny toerana tsirairay sy ny zava-mitranga ao dia manokana avokoa. Miara-mianatra isika mitady izay fomba tsara indrindra hanampiana ny fiaraha-monina misy anareo.

2. Tsy manana ianareo na tsy afaka manao zavatra — isika rehetra dia manana talenta manokana avokoa. Ny fampiasanareo ny talenta rehetra anananareo dia hahafahanareo manova fiaraha-monina. Hevitra sy fahaiza-manao mety ilainareo ihany no entinay.

3. Mifehy ny zava-mitranga izahay — Fiangonanareo sy fiaraha-monina misy anareo no iasana. Ianareo no tokony hahafantatra bebe kokoa ny zavatra ilaina sy tokony atao ao. Araka ny nataonay mikasika ny hets-pitiavana dia soso-kevitra ihany koa no azonay atolotra. Toy ny tamin'ny fanaovana hetsi-pitiavana dia tsy hilaza amin'ny antsipirihany izay tokony hatao izahay fa ianareo no manapa-kevitra ny amin'izay tetik'asa azo atao eo amin'ny faritra misy anareo.

4. (ITY DIA METY TSY AZO ATAO AMIN'NY FARITRA REHETRA KA AZO DINGANINA) Manomboka fiangonana vaovao izahay na te hahatonga anareo hiova fiangonana? Ny mifanohitra amin'izay no marina. Mino izahay fa tsy tokony hanova anaram-piangonana ianareo na hanohitra ny mpitarika anareo. Jereo ny fihetsiky Davida manoloana an'i Saoly: Nipetraka sy nilalao ny zavamanenony Davida raha nanipy lefona taminy Saoly. Raha nahatsiaro fa tandindomin-doza ny fiainany dia nitsoaka izy ary fanapahan-keviny manokana izany. Tsy niezaka naka ny fahefan'i Saoly izy na nangataka ny olona hafa koa hiala miaraka aminy na dia fantany aza fa Andriamanitra efa nampanantena azy fa izy no ho mpanjaka manaraka. Na dia nisy hirika aza dia tsy namono an'i Saoly izy fa navelany ho velona ihany.

Mamporisika ny olona hanao sahala amin'i Davida izahay. Na dia hitanao fa lozabe aza ny mpiatrika anao dia tokony hitohy hanampy azy sy hivavaka ho azy ianao. Raha miharatsy ny toe-javatra dia afaka miala ianao fa ianao irery. Aza mitarika olona hafa afa-tsy ny vady aman-janakao kely. Aza manandrana manafika ny mpitarika anao izay efa lehibe. Tahaka an'i Davida dia tokony tsy ho sahintsika akory na ny hiteny ratsy ny mpitarika antsika aza.

Amin'ny maha mpitarika amin'ity fikambanana ity dia diso fanantenana izahay mahita ireo fiangonana na mpitarika malaky manova anaram-piangonana na miova fiangonana. Mino izahay fa tsy manome voninahitra an'Andriamanitra izany. Tsy mila anareo hiova na hanova anaram-piangonana mihitsy izahay. Miangavy anareo izahay ho toa an'i Davida izay nahatoky hatramin'ny farany ny mpitarika azy na dia hita fa somary mafy aza ny toe-javatra. Izany no manome voninahitra an'Andriamanitra.

Amin'ny maha fikambanana anay dia tsy manome lanja fiangonana iray bebe kokoa izahay na lasa isan'izany fiangonna izany fa miara-miasa amin'ny fiangonana maro isan-karazany. Ny mpiatarika ao

antin'ny fikambananay dia samy manana ny fiangonany. Tianay ho tonga amin'ny tanjona tian'Andriamanitra hahatongavany ny finagonana tsirairay avy. Mino izahay fa afak manangana ny Fanjakany amin'ny alàlan'ny fiangonana rehetra samihafa Andriamanitra.

Inona no dikan'izany :

1. Hozarinay hanova ny fiaraha-monina misy anareo ianareo. Izahay tsy handefa ny mpikambana aty aminay ho ao amin'ny fiaraha-monina misy anareo hanova azy. Mino izahay fa ny fiangonana no fitaovana eo an-tànan'Andriamanitra hitondra fampihavanana ka izahay dia te hanampy sy hanohana anareo handehananareo araka izany.

2. Vina sy drafitra ataonareo izy io. Hampahafantatra hevitra vaovao betsaka izahay fa anjaranareo no mifidy izay tianareo ampiharina ao amin'ny fiangonanareo. Tsy voatery hanao an'io akory aza ianareo nefa raha tena te hahita mafy ny fitsanganan'ny Fanjakan'Andriamanitra miorina eo amin'ny fiaraha-monina misy anareodia hampahery anareo izahay hampihatra vina sy tetik'asa betsaka indrindra araka izay azonareo atao. Satria efa namangy fiangonana maro izahay noho ity fandaharana ity, dia hitanay fa izay nampihatra betsaka indrindra araka izay azony natao na nahita fiovana lehibe indrindra koa teo amin'ny faritra misy azy. Izay nanao zavatra vitsivitsy monja dia vitsy koa ny fiovana hitany. Miankina aminareo sy izay tianareo ho hitaizany. Mila ezaka betsaka sy asa mafy raha te hahita ny faritra misy anareo miova.



Manova fiaraha-monina

Ny tapany voalohany amin'ny vinanay dia ny fampitaovana ny fiangonana. Ny tapany manaraka dia ny hoe inona no zavatra ampitaovanay ny fiangonana : ny hanovany ny fiaraha-monina

Manova

- Nahoana no ampiasainay ilay teny hoe Manova ? Inona no dikan'izany teny izany ?

Raha misy zavatra iray miova, ka satria tena voaova izy io dia tsy afaka averina amin'ny toetrany teo aloha intsony. Ohatra : Eritrereto anie ny sompanga sy ny lolo. Ny sompanga no lasa lolo. Ny sompanga no niova ho lolo ka tsy afaka hiverina ho sompanga intsony izany. Fiovana tanteraka sy tsy azo averina intsony izany. Fovana sahala amin'izany koa no tianay ho hita eo amin'ny fiaraha-monina. Te hahita fiaraha-monina miova tanteraka ary miaina araka ny sitrapon'Andriamanitra ka tsy miverina miaina izay niainany taloha rehefa afaka taona vitsivitsy.

Ireo sehatra itondrana fanovana

VONDRONA KELY

Asaivo mieritreritra ny vondrona tsirairay ny amin'ny fiovana tian'izy ireo ho hita sy hitranga eo amin'ny fiaraha-monina misy azy araka ireto loha-hevitra tsirairay ireto : ara-panahy, ara-tsosialy, ara-tsaina ary azo tsapain-tanana, aorian'ny fanarahana ity fandaharana ity. Ampahatsiahivo ny vondrona fa ny hoe ara-tsosialy dia mikasika ny fifandraisana, ohatra : eo amin'ny fanambadiana, fitaizana ny ankizy, fampiraisana, ny fifandraisana eo amin'ny mpiara-monina sns… Ny azo tsapain-tanana dia mikasika vola na asa na fahasalamana sns… Afaka miverina mijery ireo hevitra voalaza amin'ny lesona voalohany koa izy ireo.

Rehefa samy nahavita dia asaivo mizara ny hevitra hitany avy ny vondrona tsirairay. Misy hevitra ve itovizan'ny vondrona rehetra ? Inona izany ?

Manaova kisarina tabilao eo amin'ny solaitra be. Asaivo manomboka mijery ny tsanganana misy ny loha-hevitra mikasika ny ara-tsosialy, ara-tsaina, ny azo tsapain-tanana izy ireo. Tetezo ny tsanganana rehetra ka asaivo mifanakalo hevitra mikasika ity fanontaniana ity isaky ny hevitra hita.



VONDRONA LEHIBE

- Inona avy ireo fahasamihafana misy amin'ny tanjona noforoninareo sy ny tanjona voalazanay?

- Misy tanjona amin'ny nolazainay ve tsy nampoizinareo na tsy ekenareo ?

Rehefa voajery daholo ny tsanganana efatra mikasika ny sehatra efatra dia mifanakaloza hevitra indray:

- Raha mijery an'ireo lisitra roa misy ny tanjona ianareo, mo ave hitanareo fa misy itovizana betsaka izany ka mahatonga antsika afaka hiara-hiasa tsara ?

FOMBA FIASA

Izy ity dia fandaharam-pampianarana. Izahay dia tsy manome vola ny fiangonana hanatanterahana azy. Araka izay hianarantsika amin'ny fiofanana manaraka, dia ho hitantsika fa ankamaroan'ny antony mahatonga antsika hahantra dia tsy noho ny tsy fananantsika loharanon-karena ka noho izany dia tsy amin'ny fanomezana loharanon-karena no vahaolana hialana amin'ny fahantrana. Raha mijery ny fiainan'i Jesosy ianao, dia tsy nanana zavatra loatra natolotra ny olona izy. Araka ny nolazain'i Paoly amin'ny Asa 3:6, « Tsy manana volafotsy na volamena anao aho fa izay ananako no omeko anao » Amin'ny toerana misy anay, ny azonay omena dia fahalalana sy hevitra izay inoanay fa hanampy ny fiaraha-monina hanakaiky bebe kokoa ny fiainana tian'Andriamanitra hiainany. Mino izahay fa ity fanofanana ity sy ny ezaka mafy ataonareo sy ny fandavan-tena koa ary ny herin'Andriamanitra lehibe afaka mampitombo no hitondra fanovana eto amin'ny firenentsika.

Manolotra fanofana izahay ho an'ny olona tsy an-kanavaka ao amin'ny fiangonana hanampy anareo hahazo ny hevitra sy ny fahaiza-manao ilainareo hitondra fanovana amin'ny fiaraha-monina misy anareo.

Lohateny amin'ny fiofanana manaraka

Tazony ary asehoy ny Karatra faha 7 izay maneho ireo hevi-dehibe mikasika ny fiofanana manaraka. Hazavao fa ireo avy ny loha-hevitra manaraka tiana ampianarina na dia mety hisy fiovana aza izany.

Module 3 : Hatraiza ny fiantraikan'ny laingan'ny Satana amintsika ary ahoana no hihoarantsika an'izany
Module 4 : Fahasalamana
Module 5 : Tokan-trano, fanambadiana sy fitaizana ny ankizy
Module 6 : Fitantanam-bola
Module 7 : Fanasina sy Fahazavana
Module 8 : Fambolena
Module 9 : Fitoriana filazantsara
Module 10 : Miaina araka ny sitrapon'Andriamanitra

Ny sasany amin'ireo lohateny ireo— Ohatra ny fahasalamana sy ny fanambadiana ary ny ankohonana, ny fambolena ary ny fitantanam-bola, miaraka amin'ny fanofanana anaty vondrona kely dia azo atao tsara ao anaty fiangonana. Raha manaraka io fiofanana io ianao dia hatoronay anao ny fomba hampiharanao izany ao amin'ny fiangonana sy amin'ny fiaraha-monina. Hanome hevitra maromaro azonao hampiharina izahay.

Lesona 8: Ireo Dingana manaraka

Tanjona manan-danja

1. Mila manao drafitra sy manana finiavana isika amin'ny asa izay hatao.

Fitaovana

1. Taratasy zaraina faha 8.1: Dingan'ireo drafitra fanaovana hetsi-pitiavana

Nahoana no zava-dehibe ny fanaovana drafitra

I Mr Lim dia mpamboly. Nandeha hanomana ny tany hiasany izy nefa nahatsiaro teny an-dalana fa nangataka azy hanome sakafo ny akoho ny vadiny. Niverina tany an-trano izy naka ny sakafon'akoho ka namahana ny akoho. Teo am-pamahanana ny akoho izy no nahatsikaritra fa misy simba ny valan'osy. Nanahy mafy izy fa raha tsy voamboatra haingana izany dia mety ho lasa mivoaka ny osy. Niverina tany an-trano indray naka tariby hanamboarana izany. Satria tsy nanana ireo fitaovana nilainy izy dia lasa nakany amin'i mpifanolo-body rindrina dia Mr. Son, mba hindrana fitaovana. Satria efa mandalo ao amin'i Mr Son ihany dia mba naka fotoana kely niresadresahana satria mbola mpino vaovao koa io no henony fa nandalo fotoan-tsarotra.

Tonga ny amin'ny 11:30, nasain'ny vadin'i Mr Son hijanona hisakafo izy. Nefa noho ny fotoana efa lasa dia lasa tokoa dia nanao azafady fa tsy afaka hijanona hisakafo ary lasa niverina haingana tany an-trano. Rehefa avy niala sasatra kely dia lasa nanamboatra ny tranon'osy izy. Eo ampanamboarana izany no nilaza taminy indray ny vadiny fa simba ny paompy fantsakana ka satria misy ny fitaovana nindramina tamin'i Mr Son ihany dia aleo araraotina ny manamboatra ilay paompy. Efa ho hariva ny andro vao namaramparana ny fanamboarana ny paompy izy. Indrisy fa tsy mbola afaka niasa ny taniny indray izy. Na izany aza dia afa-po ihany izy nieritreritra fa mamita ny fanamboarana ilay paompy fotsiny rahampitso maraina avy eo mamerina ny fitaovana nindramina dia afaka miasa ny taniny indray.

- Inona no mitranga amin'ity tantara ity?
- Zavatra ratsy ve sa tokony natao no nataony?
- Inona ny zavatra mety hitranga raha mitohy sahala amin'izany ny fitantanan'ilay mpamboly ny fambolena tokony ataony ka tsy afaka mamboly mihitsy?
- Efa niaina andro sahala amin'izany ve ianao?
- Ahoana no ataontsika mba tsy hitrangan'izany amintsika?

Betsaka ny tetik'asa no miaina toe-javatra sahala amin'ny nanjo ity mpamboly ity. Lany amin'ny fanaovana asa tsara isika, mamaha olana iray avy eo tonga koa ny manaraka hany ka ny zavatra tena tokony atao tsy vita satria lasan'ireo zavatra maika ny fotoana rehetra. Vokatr'izany, tsy vitantsika ny nanao izay zava-dehibe tokony hotanterahina amin'ny fiainana. Ratsy kokoa raha ny fiainantsika mihitsy no lasa sahala amin'ny fiainan'ity mpamboly ity. Mihazakazaka mankatsy sy mankeroa nefa tsy mitombina mametraka mazava izay zava-dehibe tokony hatao ary tena manao izany. Ny zavatra voalohany tokony handraisantsika fanapahan-kevitra dia ny famantarana ireo zava-dehibe tokony

hatao. Raha fantantsika ireo zava-dehibe ireo dia hanamoy antsika handray fanapahan-kevitra tsara ny amin'izay tokony handaniantsika fotoana isika.

Inona avy ary ireo zava-dehibe eritreretinao fa tokony hatao ao anatin'ny telo volana hahitanao fahombiazana ?

- Mampianatra ny hafa – Raha te hahazo olona bebe kokoa hanampy isika dia mila mampianatra ny sasany amin'ireo lesona efa nianarana.
- Mandrindra hetsi-pitiavana : Mila mitohy manao hetsi-pitiavana isika ary atao tsy tapaka izany.
- Mila mivory tsy tapaka.

Fivoriana

Tokony mifidy olona hiara-mivory tsy tapaka hanao drafitra mikasika ny fanaovana hetsi-pitiavana. Matetika dia ny komitin'ny fiangonana io ary ny fivoriana dia atao mandritra ny fotoana fivorian'ny komity efa mahazatra ihany raha efa manao izany ihany izy ireo.

- Inona no zavatra ataonareo rehefa mivory?
  - MIVAVAKA – Amin'ny herin'Andriamanitra ihany no hahafahantsika mahita fiovana eo amin'ny fiaraha-monina misy antsika. Mila mandany fotoana miaraka ao anaty vavaka isika raha tena liana mafy ny amin'ny fanovana
  - Manaova fanapahan-kevitra hanao hetsi-pitiavana vaovao.
  - Mieritrereta zavatra azonareo atao hanampiana eo amin'ny fiaraha-monina.

Mandritra ny fivorianareo, makà fotoana hivavahana sy hamantarana ireo filàna eo amin'ny fiaraha-monina. Mivavaha raha tokony hanampy ary amin'ny fomba manao ahoana. Ankoatr'izay dia tokony hanao jery todika ny amin'ny hetsi-pitiavana natao farany ary mamantatra izay vita tsara sy izay tsy vita na tsy nety. Mamantatra avy ny fomba tokony hanatsarana ny lesoka nisy.

Hetsi-pitiavana

Jereo ny sarin'ny fiaraha-monina misy anao nataonao amin'ny lesona voalohany.

Raha mijery an'io sary io, tanisao ireo fiovana tianao hitranga hahatanteraka io sary io.

Aoka hivavaka ny vondrona handinika ny fomba hanombohana hahatanteraka ny fiovana. Mifidiana fiovana iray ary manomana hetsi-pitiavana mifanaraka amin'izany hanatanterahana azy.

Ivereno jerena ny drafitry ny hetsi-pitiavana efa natao (jereo ny pejy manaraka) ary manaova drafitra vaovao.

Dingana fanaovana drafitry ny hetsi-pitiavana

Dingana 1: Vavaka .
Ny zavatra voalohany indrindra tokony atao dia ny mivavaka. Makà fotoana amin'izao mba hivavahana. Anontanio Andriamanitra ny amin'izay tokony ataonareo hetsi-pitiavana.

Dingana 2: **Misivana ny hetsika tokony atao.**
Ny vondrona no manapa-kevitra ny amin'ny azonareo atao ho fanehoana ny fitiavan'Andriamanitra. Mijere amin'ireo hevitra voatanisa ao amin'ny lesona voalohany. Mifaneke ny amin'izay tsapanareo itarihan'Andriamanitra anareo hatao. Rehefa voafantinareo ny lohahevitra, dia ataovy azo antoka fa zavatra azonareo atao ao anatin'ny 1 na roa andro.Raha tsy izany dia azonareo atao ve ny manao dingana 1 na roa fotsiny ?

Dingana 3: **Fantaro ny zavatra ilaina.**
Ny dingana manaraka dia ny manomboka manao drafitra. Mila manapa-kevitra ny amin'ny zavatra ilaina hanatanterahana ny tetik'asa : inona no takian'ny olona, inona ny fitaovana ilaina, mila fahazoan-dalana avy amin'ny fanjakana ve sns… hanampiana anao hieritreritra an'izany dia azonao ampiasaina ny pejy malalaka ao amin'ny bokinareo. Rehefa feno ny tsanganana voalohany ami'izay zavatra rehetra ilainareo dia afaka mifidy izay olona hiandraikitra ny hetsika isaky ny dingana ary ny fotoana tokony hahavitan'izany.

Dingana 4: **Sorato ny drafitra**
Rehefa vita ny fieritreretana izany rehetra izany dia soraty ny zavatra rehetra tokony atao ary ataovy mirindra araka ny daty tokony hanaovana azy hahafantaranareo ny tompon'andraikitra sy ny fe-potoana tratrarina.Mifidiana olona ho mpiatarika ny tetik'asa. Io olona io dia manana andraikitra hiantso ireo olona tompon'andraikitra indray andro mialoha ny tokony hanaovany ny asany. Mamantatra koa raha vita na tsia araka ny tokony ho izy ny asa, na raha misy olana na mila fanampiana ireo olona miasa.

Dingana 5: **Mivavaha**
Rehefa vita ny fanoratana ny drafitra rehetra, dia mivavaha indray. Angataho Andriamanitra hanampy anareo hanatanteraka ny asa ary hampitombo ny vokatra, ary mba hahazo voninahitra ny anarany. Mandritra ny herinandro manaraka na roa herinandro rehefa miomana hanao hetsi-pitiavana ianareo dia tokony hivavaka ianareo hanampian'Andriamanitra anareo amin'ny fanatanterahana ny hetsika.

Dingana 6: **Ataovy ny hetsi-pitiavana**
Ny dingana manaraka dia ny fanaovana ny hetsi-pitiavana araka ny drafitra natao. Atombohy amin'ny vavaka ny andro hanaovana azy ary atokano ho an'Andriamanitra ny ezaka rehetra ataonareo. Tadidio fa manao io hetsika io ianareo hanehoana ny fitiavan'Andriamanitra eo amin'ny fiaraha-monina. Miezaha mitàna izay toe-po izay hanatanterahana ny tanjona.

Dingana 7: **Manaova tombana sy tatitra**
Ny dingana farany dia ny fanaovana tomban'ezaka sy fanaovana tatitra. Nahoana no mila manao tomban'ezaka isika ? Satria manampy antsika hianatra izany. Afaka mieritreritra izay natao isika ary mamantatra izay azo hatsaraina amin'ny manaraka. Tsy tokony ho zavatra lava be izany, afaka maka fotoana fohy hamaliana ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no nandeha tsara?
- Inona no tsy nandeha?
- Fanatsarana manao ahoana no azonao atao amin'ny manaraka?
- Araka ny nampoizinao ve ny vokatry ny asa ? Raha tsia, nahoana?
- Nahazo voninahitra ve Andriamanitra ?

Ny mpampiofana dia manana ny taratasy tokony hofenoina fanaovana tatitra tokony homena anareo.
Nahoana no manao tatitra isika?
Ao amin'ny Marka 6:30 dia hitantsika fa nanao tatitra tamin'i Jesosy ny mpianatra ny amin'ny zavatra rehetra nataon'izy ireo. Manao tatitra isika noho ny fahatokiana sy fankasitrahana ireo izay nampianatra antsika, izay nanomana ireto fitaovana sy fampianarana ho antsika. Ny fanaovana tatitra dia manome antsika hirika hahafantsika mizara ny zava-bita ary mijoro vavolombelona ny amin'ny nampiasan'Andriamanitra ny ezaka natao. Manome hirika hahafahan'ny mpampiofana mahita raha misy olana ary hahafahany manampy anao amin'ny manaraka.